



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fibaviana · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-136

**TATITRA MIKASIKA NY FANDAHARANASA VITAN'NY GOVERNEMANTA,
TAONA 2020, NATAON'NY:**

- **MINISITRY NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**
- **MINISITRY NY MPONINA SY NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY
ARY NY FAMPIROBOROBOANA NY VEHIVAVY**
- **MINISITRY NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

Fivoriana Faha-16
Natao ny
Alatsinainy 14 Jona 2021
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao

MPITANTSORATRA: Andriamatoa RANDRIAMAHAJANJARY Calvin, Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena.

FOTOANA: Alatsinainy 14 Jona 2021 tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Tatitra mikasika ny fandaharan'asa vitan'ny Governemanta, taona 2020, nataon'ny:

- Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka
- Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroana ny Vehivavy
- Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena

Nitohy ny Alatsinainy 14 Jona 2021 tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena

Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Mahajanga no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, nanambara, fa ny fanamarihana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana dia homen'ny Tale misahana ny Informatika amin'ny fotoana mahamety azy.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe miompana amin'ny tatitry ny asa vitan'ny Governemanta momba ny fandaharan'asany, tamin'ny taona 2020.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta hanatanteraka izany:

- -Andriamatoa RAKOTOVAO Hanitriniala Jeana Louis, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka
- -Ramatoa RANAMPY Marie Gisèle, Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroana ny Vehivavy
- -Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michael, Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena

Rehefa izany, nanamarika Ramatoa Filoha, fa ho fampiharana ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-166, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no anton'izao fihaonana izao.

Nampatsiahiviny ihany koa fa mandeha mivantana amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra izao fivoriana izao.

Taorian'izay, nomeny ny Mpitantsoratra ny fitenenana mba hilazany ny fizotry ny fivoriana.

Andriamatoa RANDRIAMAHAFANJARY Calvin, Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena no nanatontsoa izany, ka toy izao no nambarany:

Araka ny efa tapaka tamin'ny fivoriambe, toy izao manaraka izao no fizotry ny fivoriana mandritra ity fanolorana ny tatitra fanatanterahana ny fandaharan'asan'ny Governemanta ity.

Famelabelarana ny tatitra; ny Minisitra tsirairay dia omena 30 minitra avy hanolorany ny tatitry ny asa vitany nandritra ny taona 2020.

Rehefa vita izay, fanamarihana avy amin'ny Vaomiera Maharitra. Omena 5 minitra avy ireo Filoha na ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny Mpiara-belona, ny Vaomieran'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana, ny Vaomieran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena hanao fanamarihana mikasika ny tatitra nataon'ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, nataon'ny Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ny ara-tsosialy ary Fampiroboroana ny Vehivavy ary ny tatitra nataon'Andriamatoa Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

Ho an'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka avy amin'ny Vondrona Parlemantera tsirairay kosa; mandray fitenenana voalohany ny Vondrona Parlemantera TIM, omena 15 minitra izy ireo. Faharoa, ny Vondrona Parlemantera GPR, omena 15 minitra koa. Fahatelo ny Vondrona Parlemantera IRD, omena 20 minitra. Farany, ny solotenan'ny Solombavambahoaka tsy miankina koa omena 10 minitra.

Ao anatin'ireo fotoana ireo no hanaovan'izy ireo miaraka ny fanamarihana ny tatitry ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka sy Minisitry ny Mponina ary ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

Rehefa vita izany, omena 25 minitra, tsirairay indray ny Minisitra hitondra ny valin-teniny.

Nisaotra an'Andriamatoa Sekretera Jeneraly, tamin'ny filazana ny fizotry ny fivoriana, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nanome fitenenana an'Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, hanolotra ny tatitry ny fanatanterahany ny asa vitany tamin'ny taona 2020.

Toy izao ny fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa RAKOTOVAO Hanitrana Jean Louis, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka.

Fantatsika tsara fa ny velirano fahadimy nataon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika no arahin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka izay milaza hoe: fahasalamana ho an'ny daholobe ary tsy misy anavahana sokajy taona izany.

Tahak'izao ny drafitra hitondrana ny tatitra hatolotra anareo eto: voalohany, mikasika ny fanorenana na «constitution», manarak'izay, fanatsarana ny fotodrafitrasa, ny fampitaovana ara-materialy, ny andraikitry ny mpiasam-panjakana tamin'ny taon-dasa. Ao koa ny mikasika ny fanafody sy ny kojakoja, ny tolotra ara-pahasalamana. Ao ihany koa, ny ady atao amin'ny valan'aretina "Covid-19". Ny hamaranana azy, ny resaka «émergence de Madagascar».

Raha io velirano fahadimy io, marobe ny zavatra voasoritra ao anatiny. Anisan'ny laharam-pahamehana amin'izany, ny fanorenana sy fanatsarana ny fotodrafitrasa efa ananana.

Nisy ny lamina napetraka nanomboka ny taona 2019. Notohizana izany tamin'iny taona 2020 iny ary ankehitriny mbola tohizana ihany ny fanorenana sy fanatsarana ny fotodrafitrasa vita.

Voalohany, mikasika ny hopitaly lehibe.

Ankehitriny, fantatra fa ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka dia manao ny fanarenana maro, indrindra ny fanaovana hopitaly izay nivoatra kokoa noho ny teo aloha.

Nanapakevitra ny hanao hopitaly miisa 13 ny Filohan'ny Repoblika. Amin'ireo 13 ireo, hopitaly manara-penitra no hamboarina, betsaka no efa vita ary azo lazaina ho 100%-n'ny «construction» amin'ny maha “construction” azy no tafatsangana. Raha tanisaina, ireto avy izy ireo: ao Beloha, Mampikony, Manandriana, Vondrozo, Ivohibato, Ambohimahasoa, Analalava, Mandritsara, Ankilizato, Mahabo ary Ivohibe. Ireo no toerana misy an'ireo hopitaly ireo. Ny telo amin'ireo no eo andalam-pamitana azy. Ao koa ny any Maintirano izay mahirihana fa CHRR goavana mihitsy; hatsangana koa ny ao Tsiariva sy Antanambao Mpanampotsy. Misy ny trano ho an'ny mpitsabo ary ny 7 amin'ireo efa vita 100%. Tena ilaina tokoa ny trano, ka atao izay tsy hampijaly ny mpiasa amin'ny fitadiavana izany. Anisany olana lehibe amin'ny olona alefa any amin'ny toerana anendrena azy izay zavatra izay. Ny vahaolana dia nanapakevitra ny fitondram-panjakana hanao trano ho an'ny mpitsabo, ka ao anatin'izany i Mampikony, Manandriana, Ivohibato, Ambohimahasoa, Analalava, Mandritsara ary Mahabo. Noeritreretina ho 100% no efa vita, fa ny 4 ao Beloha, Vondrozo, Vohibe ary ny any Antanambao Manampotsy, mbola miandry kely.

Raha eto Madagasikara, mbola tsy manana famindrana voa isika. Zavatra tena ilaina anefa izany. Betsaka ny olona manao «insuffisance rénale», lasa mitarika vesatra ho an'ny vola sy ho an'ny fianakaviana izany. Izay no antony ametrahana ivon-toerana famindrana voa eto amintsika. Ilaina ny fanoloana ny voa mba ahafahanan'ny olona miverina amin'ny fiainany teo aloha indray. Napetraka ao amin'ny hopitaly manara-penitra ao Andohatapanaka izany. Ankehitriny, efa vita ny trano fa ny kanokanona no sisa.

Misy toerana iray anisany nanano sarotra mihitsy amin'ny fitondrana marary any amin'ny toerana misy «radiothérapie» na «cobaltothérapie». Toerana andehanan'ny olona marefo satria itsaboana ny homamiadana io toerana io. Ezahana ny hanalehibeazana ny fidirana ao aminy mba hatao manara-penitra. Efa vita izany ary ao amin'ny «Centre Hospitalier Universitaire Befelatanana» no misy azy.

Ankoatr'izay, ny vonjy aina ao amin'ny HJRA, nisy fanalehibeazana koa, ka ny andiany voalohany no efa natao ao. Marihana, fa raha eto Antananarivo, io no toerana no tena miasa mafy ary tsy maharaka indraindray. Raha tadidintsika, tamin'ny fivoahana avy nijery baolina, nisy fikorontanana kely fotsiny, ka vetivety dia feno ny trano. Nanapakevitra fa tsy maintsy halehibeazina io toerana io mba handray olona misimisy kokoa amin'ny vonjy aina atao. Ao daholo ny ankamaroan'ny vonjy aina atao eto Antananarivo na misy aza any amin'ny toeran-kafa. Io no fantatr'olona raha eto Analamanga, ka izay no nahatonga azy nohalehibeazina.

Ankoatran'izay, misy toerana natao mba hiarovana ny milina entina miasa, tahaka ny fikarakarana ny fakon'ny hopitaly. Tsy azo apetraka amin'izao ireny milina ireny satria simban'ny orana sy hain'andro, ka tsy maintsy atao haingana ny fiaravona azy. Hita any amin'ny CHU Analakininina Toamasina sy any amin'ny CHU Morafeno Toamasina izany.

Marihana, fa sarobidy ireny milina ireny. Ny antony, fantatra fa ny fakon'ny hopitaly araka ny fandaminana maneran-tany mikasika ny «gestion de déchet» dia aorian'ny fako nokleary.

Atao izay handaminana sy ikarakarana azy ireny manokana satria zava-dehibe ho antsika izany. Tsy hadino ihany koa, fa ao Tsaralalana sy eny amin'ny «Institut» no mahazatra antsika amin'izay. Izany hoe, ao amin'ny «Centre Universitaire de Soins de Santé Publique Analakely», nasiana toerana «abri en attente» izay iandrasan'ireo olona mila tolotra. Tafiditra ao anatin'ny fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana omena izany satria taloha, mijorojoro eny fotsiny ny olona miandry ny fotoana handehanany handray ny tolotra tadiaviny. Ankehitriny, misy fiambenana manokana mba ahafahan'ny olona miandry amin'ny toerana mendrika azy.

Ankoatr'izay, misy ny fanatsarana ny trano ao amin'ny hopitaly, ny fitaovana tao amin'ny HJRA koa nohatsaraina satria efa ela no tao. Mbola mpianatra izahay no efa teo izany. Mila hatsaraina ny hopitaly ho mendrika an'izany hoe «Centre Hospitalier Universitaire» izany. Mikirakira fitsaboana sy mikirakira fikarohana koa io toerana io. Izay no mahatonga azy hoe «Centre Hospitalier Universitaire» satria tafiditra ao ny fikarohana sy ny fampianarana ankoatra ny fitsaboana.

Misy ny fanitarana ny endriky ny toerana fanaovana ny fanarenana mivantana. Nadika malalaka hoe «rééducation fonctionnelle» io toerana io.

Ho antsika Malagasy, misy fiteny hoe: izay marary andrianina. Nisy ny fandokoana ny ivelan'ny hopitaly manara-penitra any Fianarantsoa. Nisy ny fandravana natao. Ho an'izay mahalala, ao Befelatanana, ny «pavillon 44», io trano mavo be somary ngeza io, hita fa antitra izy iny ary tsy azo napetraka tamin'izao, fa narodana. Efa misy toerana malalaka azo anaovana zavatra hafa indray eo. Any aoriana isika mieritreritra ny hanao trano lehibe kokoa mba ho fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana amin'io hopitaly ao Befelatanana io. Ny hopitaly ao Befelatanana dia mandray ny tolotra ara-medikaly rehetra amin'ny vatan'olombelona rehefa tsy mila fandidiana ny olon-dehibe.

Tsy hadino anefa ny zaza satria amintsika Malagasy, ny zaza dia harena. Nisy ny fanatsarana ny efitra fitsaboana zaza ary tafiditra ao anatin'ny «pédiatrie» sady “complexe” ho an'ny zaza ao amin'ny «Centre Hospitalier Universitaire», ao amin'ny «place Kabary» any Antsiranana.

Hobangoina amin'ny teny tsotra ny fanatsarana ny trano, nisy tany Antsirabe, nisy ny fanatsarana ny CHU any Morondava, Manakara, Ambatofinandrahana, ny “CHU Place Kabary”, ny «service d'appareillage» sy ny «rééducation fonctionnelle».

Nisy fanamboarana ny hopitaly fandidiana, izay natomboka tamin'ny CHRDD any Antsiranana.

Ahoana kosa ny fanorenana ireny CSB ireny. Asiana teny manokana ny CSB II izay tafiditra ao anaty vinan'ny Filohan'ny Repoblika. Manao CSB II manara-penitra izay ahitana «panneau solaire» ao anatin'ny isika, misy kojakoja samihafa izay ilaina. Miisa 18 no namboarina voalohany ary efa vita 100% izany. Ireto avy izy ireo: Beloha, Belo, Tsihombe, Bekily, Ambilobe, Ambalavao, Ihosy, Antalaha, Manakara, Soavinandriana, Ambatondrazaka, Vondrozo, Manja, Sakona, Ampanihy, Ankazobe, Talatan'Angavo.

Efa vita ireo, fa miandry ny fitokanana azy isika ankehitriny.

Manarak'izay, nanapakevitra ny Filohan'ny Repoblika, fa hanao CSB isaky ny Distrika; amin'izay mba tsy hisy Distrika hadino na iray aza; na efa manana CSB ireny toerana ireny dia natao ny ezaka manokana mba hametrahana ny fahasalamana hanakaiky vahoaka.

Asiana filazana manokana satria misy tsy mahazo ny olona sasany. Ny asa dia misy ny atao hoe «tranche ferme». Efa nandeha koa ny 20%-n'ny «tranche conditionnelle». Marihana, fa tsy maintsy vitaina amin'ity taona 2021 ity ireo CSB ka miisa 119 izy ireo. Ny tenanay izay mitarika ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia manara-maso akaiky an'ireo asa ireo. Misy somary miteny hoe: 20% no vita dia nijanona teo; diso izay fomba fijery izay; ny fandehan'ny asa fotsiny no 20% aloha ary nalefa indray ny 80% avy eo. Tokony efa ho nanomboka taloha izy ireny, fa rehefa tonga ny tenanay, nezahanay natao haingana mihitsy. Andrasantsika tsy ho ela ary mirary ny hahavitan'izany soa aman-tsara, ka hisitraka CSB II manara-penitra daholo isaky ny Distrika, ankoatra ny natao teo aloha.

Ao koa ny fanamboarana trano ho an'ny mpitsabo, ny toerana ho an'ny mpiandry raharaha. Efa vita amin'izao fotoana izao ny ao Ambalavao, Ihosy, Ilafy, Ambatondrazaka, Soavinandriana, Belo, Manakara, Amboasary-Atsimo, Ampanihy. Misy ny eo am-pamitana azy, toy ny any Tsiribihina, Bekily, Manja, Marovato, Maintirano. Ny roa efa manomboka ny fanamboarana azy, ny any Antalaha sy Ambilobe izany.

Misy ihany koa ny fanatsarana ireo CSB miisa 14, toy ny any Anjozorobe, Ambohidratrimo, Ampahitizina, Ambohitrolomahitsy, Ankazondandy. Iarahana amin'ny mpiaramiombon'antoka amintsika ireo. Misy ny anjarantsika izay tena lehibe satria indraindray ny trano efa vita, kanefa ny zavatra ao anatin'ny tsy maintsy ataontsika.

Nisy koa ny fanatsarana ny «toilette», hita any Diégo I, Diégo II, any Ambanja ary Ambilombe. Teo koa ny fanamboarana lava-pako, satria tsy azo atao ambanin-javatra izany. Mila tena tandrema tsara mantsy ny fakon'ny hopitaly.

Izay ny mikasika trano, fa ny fampitaovana kosa tena ilaina; toy ny kidoro, ny fandriana fiterahana, ny fandriana fitsaboana, fanaovana fanadinana. Misy ny «concentrateur» izay ilaina mihitsy, ny «frigo» sns... Mbola misy vata fampangatsiahana miisa 63, ny fitaovana momba ny rà izay naporitaka manerana ny Nosy.

Ny fitaovana ho an'ny hopitaly izay tsy maintsy atsaraina, indrindra ho an'ny toerana fandidiana, ilaina ny «concentrateur d'oxygène». Tsy resahana intsony ny kidoro sy ny fonony, ny boaty fandidiana, toy ny any Fenoarivo Atsinanana, Miarinarivo, Ambatondrazaka sy any amin'ny CHURR miisa 6. Torak'izany any amin'ny CHUDD miisa 11 any Ikalamavony, Ankazoabo, Marolambo, Benenitra, Betioky, Arivonimamo, Belo sur Tsiribihina, Soavinandriana, Ambilobe, Andilamena, Moramanga.

Ao koa ny fametrahana «transformateur» miisa roa, ao Befelatanana sy eny Androhibe, toerana izay misy ny LA2M.

Misy koa ny fanomezana fitaovana samihafa, toy ny fanaovana vaksiny; tsy vaksiny iadiana amin'ny «Covid-19», fa ny vaksiny amin'ny ankapobeny. Misy «Direction» manokana misahana an'izay ary azo ampiasaina amin'ny «Covid-19» koa izany ankehitriny.

Misy «centre de réfrigérateur» naparitaka tamin'ny Faritra Analamanga, Alaotra-Mangoro, Itasy, Bongolava ary Vakinankaratra. Miisa 109 ny «congélateurs» ary miisa 361 ny «réfrigérateur solaire» nalefa any amin'ny Faritra samihafa.

Nisy ny fanomezana «motos» ho an'ny tomponandraikitra mpanao vaksiny ho an'ny Faritra miisa 8. Tao koa ny «projet» izay ahitana «motos» miisa 564 sy fiara miisa 3 ho an'ny Faritra Analamanga, Alaotra-Mangoro, Itasy, Bongolava ary Vakinankaratra mba hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo eny ifotony. Zava-dehibe izany satria ahavitana asa maro ny fananana azy ary any amin'ny CSB II mihitsy no nametrahana ireny “motos” ireny.

Nisy ny fanomezana solosaina miisa 93. Miisa 53 ny “portable” ary miisa 40 ny “ordinateur” ho an'ny birao. Nozaraina ho an'ny tomponandraikitra izany mba ahafahany manamora ny asany. Naparitaka manerana ny Nosy izany rehetra izany.

Ny fandraisana ho mpiasam-panjakana tamin'ny taona 2020 dia nahatratra 1025. Marihana fa natao araka ny filana ny «répartition» natao. Nisy ny dokotera tsotra, nandray «spécialiste» koa isika; tao ny mpitsabo nify, mpitsabo mpanampy ary ny mpandraharaha. Somary manano sarotra satria misy toerana tsy manana dokotera mpitsabo nify. Nisy Solombavambahoaka nitaraina momba izany. Izy ireo mihitsy no vitsy eto Madagasikara. Izany hoe tsy maintsy misy programa manokana hijerena ny momba izany; tahaka izay koa ny dokotera mpandidy.

Izay raha jerena amin'ny ankapobeny, misy koa anefa ireo mpitsabo tsy miankina. Hojerena hoe halefa any amin'ny CSB II ny ankamaroany satria any no tena hametrahana olona betsaka kokoa. Raha ny salan'isa, 53,95% dia halefa any amin'ny CSB avokoa. Tsy maintsy mitady mpitsabo nify isika, ka ampirisihana ny mpianatra nanao izany mba hiasa amin'ny fanjakana. Ny olana anefa, rehefa mivoaka fianarana; ny lalàna tsy miteny hoe tsy maintsy mandeha atsy izy. Izany hoe, afaka mandeha amin'izay safidiny; hita fa any amin'ny tsy miankina no tena andehany ka lasa sahirana isika.

Ankoatran'izay ny fanafody sy ny kojakoja, mahatratra 7 080 ny famatsiana «kit d'accouchement» entina hiteraka. Nizarana izany tany Morombe, Betsiboka, Antsiranana, Melaky, Sofia, Atsimo-Andrefana.

Ny fanafody entina miady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo dia tany amin'ny 10 820 no nozaraina. Tsy tany Atsimo ihany, fa nisy CSB miisa 510 tao anatin'ny Faritra Amoron'i Mania, Bongolava, Itasy, Vakinankaratra sy Vatovavy-Fitovinany satria efa nisy «projet» hafa indray momba ny kere. Nisy fizarana lay misy odimoka, ka miisa 1 217 600 no naparitaka eran'ny Nosy.

Momba ny tolotra ara-pahasalamana; misy ireo ivon-toerana sakaizan'ny zaza napetraka; ka ho an'ny Faritra Matsiatra Ambony dia any amin'ny CSB sy hopitaly no nanaovana izany. Tao koa ny fametrahana ivon-toerana sakaizan'ny tanora niarahana tamin'ny Minisitera hafa. Ohatra, ny Minisiteran'ny Mponina ary nahitana izany tany Nosy Be; miisa 9, ny Faritra Anosy miisa 20, tao Maevatanana miisa 13.

Misy toerana vaovao koa andraisana an-tànana ny tranga amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, toy ny CRENI ao Ankazoabo sy any amin'ny Distrika hafa miisa 22. Izany hoe, betsaka no nitondrana ny tolotra ara-pahasalamana.

Nisy koa fitiliana sy fandraisana an-tànana tranga tsy fanjarian-tsakafo amin'ny kere ao Amboasary Atsimo, Ambovombe, Ampanihy Andrefana, Beloha, Tsihombe, Bekily.

Tahak'izay koa, ny fandraisana an-tànana ny vehivavy mitondra ny aretina mamany lava. Miisa 781 no noraisina an-tànana manerana ny Nosy. Marihana, fa ny vehivavy mitondra ny aretina mamany lava dia tena voadona mafy ny sainy satria ahiliky ny olona izy ireo noho ny fofona entiny. Efa miverina amin'ny fiainany taloha izy ireny amin'izao fotoana izao.

Ny fanomezana tolotra hafa dia resaka fisafoana sy fandrindram-piterahana izay tena ilain'ny vehivavy.

Taorian'izay, fisaorana no nataon-dRamatoa Filoha, ny Ministry ny Fahasalamam-bahoaka ary Ramatoa Ministry ny Mponina sy ny Fiahiana ny Mpiara-belona, ny Fampiroboroana ny Vehivavy no nomeny fitenenana, hanolotra ny tatitry ny fandaharan'asany.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon-dRamatoa BAVY Angelica, Ministry ny Mponina sy ny fiahiana ny Mpiara-belona, ny Fampiroboroana ny Vehivavy.

Ny resaka fotodrafitrasa no hanombohana ny tatitra. Marihana fa nanao fanorenana maromaro ny Minisiteran'ny Mponina. Raha tsy hiteny fotsiny fa “21 bâtiments Administratifs” natao tany amin'ny Faritra miisa 16. Manao ny asa mikasika ny “village communautaire” koa izahay. Ny fotodrafitrasa natao, toy ny “bâtiment Administratif” dia Distrika maromaro no nanaovana azy, toy ny tao amin'ny Faritra Alaotra-Mangoro, any Andilamena; tany Matsiatra Ambony, tao Ivohibato; Vatovavy Fitovinany, tany Ikongo; SOFIA, tany Mampikony; Ihorombe, tany Ihosy; DIANA, tao Antsiranana II; BOENY, ao Mahajanga II; Amoron'i Mania, ao Manandriana; Bongolava, tao Fenoarivobe; Vakinankaratra, tao Mandoto; ITASY, ao Soavindriana; Atsimo-Atsinanana, tao Vondrozo. Marihana, fa efa an-dalam-pahavitana ireo “bâtiments administratifs” ireo. Iarahana mahita, fa misy herisetra mianjady amin'ny mpiara-belona amintsika, ka izany no antony nanaovana fotodrafitrasa.

Ny “centre d'écoute et conseil juridique”, hita any amin'ny toerana telo; ao Beloha, Amboasary Atsimo ary Miarinarivo. Marihana, fa efa an-dalam-pahavitana ireo ary hotokanana amin'ity taona ity.

Ny fanaovana fotodrafitrasa misahana ny “personnes âgées” dia ny Minisiteran'ny Mponina no misahana azy. Ny nanombohana azy dia ny Faritra Analamanga, ao Avaradrano. Eo an-dalam-pahavitana koa.

Nanorina “bâtiment de prise en charge” ho an'ny olona iharan'ny herisetra any Atsimo-Atsinanana, any Farafangana; any Ambovombe Androy ary ao Mahajanga I koa izahay. Eo an-dalam-pahavitana koa izy ireo. Misy ny “construction” ao amin'ny Faritra Atsinanana, ao Toamasina I. Ny “centre pour les personnes handicapées”; efa an-dalam-pahavitana ihany koa.

Ny «construction communautaire» ao Antsirabe II; ahitana “37 logements”, efa nampiana “36 logements” ho an’ireo tsy manan-kialofana sy ho an’ireo mpifindra monina avy any Atsimo.

Amin’ny lafiny «protection sociale»; efa miaraka aminay ny teknisiana avy amin’ny FID. Nanao Kaly Tsinjo ny Minisiteran’ny Mponina, ka fizarana sakafo masaka sy manta no natao tamin’izany. Nozaraina tamin’ny Distrika maromaro; toy ny tao amin’ny Distrikan’i Betroka, miisa 2 000 no nisitraka izany; ny Distrikan’Amboasary-Atsimo, nahitana mpisitraka 2 000 isa; Ambovombe, nahitana mpisitraka 2 000 isa; tao Tsihombe nahitana mpisitraka 2 000 isa ary tany Beloha sy Bekily samy nahitana mpisitraka 2 000 isa avokoa.

Mikasika ny sakafo mafana; tao Toamasina nahitana mpisitraka 2 000 isa isan’andro; tao Fianarantsoa nahitana mpisitraka 1 500 isa isan’andro; tao Toliara nahitana mpisitraka 2 000 isa. Tsara ny mampahafantatra antsika, fa nandritra ny 60 andro no nanaovana ny fizarana Kaly Tsinjo izany, indrindra ny fizarana sakafo masaka. Nahitana 10 800 000 ny sakafo mafana; 6 000 isan’andro ny olona nisitraka teto Antananarivo. Hita tamin’ny Boriborintany miisa 6 izany.

Nisy tany Toamasina, natao nandritra ny 180 andro, ka 3 600 000 sakafo no nozaraina tamin’ireo mponina ireo. Teo amin’ny 2 000 isa isan’andro ny olona nizarana izany, tao anaty Boriborintany 5 ary “sites” miisa 10 no niasana.

Tao Fianarantsoa izay mbola mandeha amin’izao fotoana izao; mandritra ny 78 andro; miisa any amin’ny 1 755 000 sakafo masaka no nozaraina tamin’ireo mponina, ka miisa 1 500 isan’andro no nisitraka izany.

Tany Toliara, nisy koa ny Kaly Tsinjo, mitovy amin’ny Distrika teo aloha ihany. Ny mponina marefo no tena nokendrena tamin’izany, indrindra tamin’ny fihibohana teo; 2 000 isan’andro ny olona nisitraka izany, tao anaty Boriborintany 7.

Misy fanelanelanana iarahana amin’ny FID; ny FID dia “agence d’exécution”-n’ny famatsiam-bola avy amin’ny “Banque Mondiale”. Raha jerena, misy “projets” maromaro ataon’ny FID; ao ny “transfert monétaire pour le développement humain”, ny “projet contre travail productif”, ny “action contre travail productif post catastrophe”, ny Tosika Fameno, ny «cash transfer», ny «protection sociale relative aux chocs». Raha jerena ny «cartographie», maro ny Distrika nisitraka ny «intervention» notanterahan’ny FID.

Raha idirana ny «transfert monétaire pour le développement humain», «44 800 ménages vulnérables» no nahazo fanampiana. Mbola mitohy hatramin’izao ny famatsim-bola iarahana amin’ny FID, ka 15 000 Ariary isam-bolana isan-tokantrano ny fanampiana.

Any Toamasina II, Mahanoro, Itasy, Ambohimahasoana, Vohipeno, Betsioky, Bekily, Beloha, Ambovombe, Amboasary Atsimo; ireo no anisany nisitraka ny «transfert monétaire pour le développement humain» izay.

Momba ny tetikasa fampirihana ny Ray aman-dReny hampiana-janaka. Ny tetikasa Andao Hianatra, nahitana tanora miisa 15 096 no nahazo tombontsoa tamin’io tetikasa io. Teo amin’ny 20 000 Ariary isaky ny zaza isan-tokantrano ny fanampiana. Ny Faritra Atsinanana, Matsiatra Ambony, Vakinankaratra, Vatovavy Fitovinany ary Atsimo Andrefana no nisitraka ny tetikasa Andao Hianatra.

Mikasika ny Asa Avotra Mirindra, teo amin'ny "36 000 ménages" no isan'ny tokantrano marefo nisitraka izany. Vola eo amin'ny 4 500 Ariary isan'andro isan-tokantrano nandritra ny 40 andro no nahazo ny fisitrahana io tetikasa io. Ireto ny Distrika nisitraka ny fanampiana: Distrikan'Antanifotsy, Vatomandry, Manakara, Ambohimahasoa ary Ankazoabo Atsimo.

Momba ny Asa Vonjy Aina; teo amin'ny 153 031 tokantrano no nisitraka izany noho ny "catastrophe naturelle" nandritra ny taona maromaro; ka nahitana ireto Faritra ireto: DIANA, Analanjirofo, BOENY, Analamanga, Matsiatra Ambony, Itasy ary Atsinanana.

Momba ny Tosika Fameno, ho an'ny Distrika niharan'ny fihibohana; teo amin'ny 396 000 tokantrano no nisitraka; teo amin'ny 100 000 Ariary isan-tokantrano no nomena natao fanampiana. Ny Faritra Analamanga, Atsinanana, Analanjirofo, BOENY, Alaotra Mangoro, Matsiatra Ambony, Atsimo Andrefana, Anosy ary Vatovavy Fitovinany no nanaovana izany.

Mikasika ny Ankohonana Miarina izay tanterahan'ny FID, eo amin'ny 15 000 ny tokantrano mpisitraka; 50 000 Ariary isan-tokantrano no famatsiana azo. Ireto no nisitraka izany: Toamasina "ville", Antananarivo "ville" sy ny manodidina, Antsirabe «ville» sy ny manodidina, Fianarantsoa "ville" sy ny manodidina, Morondava, Tsiroanomandidy.

Momba ny Ankohonana Miatrika; nahitana 83 700 tokantrano no nisitraka izany dia Toamasina "ville", Antananarivo "ville" sy ny manodidina, Fianarantsoa, Antsirabe, Morondava ary Tsiroanomandidy.

Mikasika ny Asa Avotra; ny olona tsy nisitraka Ankohonana Miarina no nisitraka azy; eo amin'ny 55 000 tokantrano no nahazo fanampiana. Ireto no tao anatin'ny: Toamasina "ville", Antananarivo "ville" sy ny manodidina, Antsirabe "ville" sy ny manodidina, Fianarantsoa "ville" sy ny manodidina, Morondava ary Tsiroanomandidy.

Momba ny Tosika Vonjy Aina; eo amin'ny "100 000 ménages" no tratan'ny hain-tany sy kere no nisitraka izany; 80 000 Ariary isan-tokantrano no nanampiana ny havantsika. Natao tany Bekily, Amboasary Atsimo, Ambovombe ary Tsihombe izany.

Anisan'ny asa nataon'ny Minisiteran'ny Mponina koa ny fanomezana ny bodofotsy ho an'ny mponina tsy manan-kialofana teto Antananarivo sy ireo mpifindra monina tany Fianarantsoa, Toamasina sy ireo toerana nahitana trano may.

Nisy fanampiana azon'ny Minisiteran'ny Mponina avy tamin'ny Repoblikan'i Korea, ka nalefa tany Mananjary, Fenoarivo Atsinanana, Manakara, Maevatanana, Antsohihy, Mahanoro, Nosy Be, Antananarivo, Ambovombe Androy, Morondava, Miandrivazo, Antsalova, Andilamena, Mitsinjo, Amboasary Atsimo, Maroantsetra, Soavinandriana, Toliara, Ampanihy, Andranofeno Atsimo.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitry ny Mponina tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha dia nanome fitenenana ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, mba hanolotra ny tatitry ny fandaharan'asany.

Toy izao no fandraisam-pitenenana, nataon'Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michael, Ministry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

Avy hatrany dia hiditra amin'ny votoatiny isika. Lalan-tsaina ao amin'ny velirano faha-13 no nametraka fa amin'ny alalan'ny fanatanjahantena no hameranana ny hambopom-pirenena ary ny velirano faha-6 sy faha-8 no manasongadina ny fanomezana fizakan-tena ho an'ny tanora sy ny vehivavy ary ny fanomezana asa mendrika ho an'ny rehetra. Izany no hitarihana ny famelabelarana hatao eto.

Fanaovana jery todika ny fotodrafitrasa ara-panatanjahantena sy ny tanora no laharam-pahamehana amin'ity taona 2021 ity.

Manaraka, ny fandraisana fanamarihana sy sosokevitra ary fanontaniana avy amintsika tsirairay.

Tamin'ny faha-19 Septambra 2019; raha nanatanteraka ny "plan d'action Kazan" natao teto Antananarivo ho an'ireo Ministry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena manerana an'i Afrika isika, nisafidy ny Filoha, Andriamatoa Andry RAJOELINA fa ho "champion de l'éducation physique" aty Afrika i Madagasikara. Noho ny fandresen-dahatra nataony tamin'ny programan'asa natomboka no anton'izany.

Notanterahan'Andriamatoa Filohampirenena ny vina tamin'ny fananganana fotodrafitrasa maro manerana ny Nosy. Kianja manara-penitra 33 no efa eo an-dalam-pahavitana ary 31 no mbola hatao amin'ity taona ity. Singanina manokana ny fotodrafitrasa aorina aty amin'ny ranomasimbe Indiana; ho reharehan'ny Malagasy rehetra dia ny Kianjan'ny BAREA etsy Mahamasina, izay raitra tokoa. Tsy mena-mitaha amin'ny kianja hafa any Afrika raha ny fanarahana ny fenitra takian'ny CAF sy ny FIFA no resahana. Kianja manara-penitr'i Mahamasina izay hahazaka mpijery miisa 48 000. Mbola hitombo kokoa noho izany raha ny resaka nifanaovana tamin'ny teknisiana no dinihana.

Manaraka, ny kianja manara-penitra ao Barikadimy-Toamasina; misy toerana 14 000 efa vita ary efa nandraisana lalao iraisam-pirenena indroa miatoana. Ny ao Antsiranana, misy toerana 2 000, efa eo an-dalam-pahavitana amin'izao fotoana izao. Manao ny asa fanarenana ny manodidina sisa.

Ao Morondava, misy toerana 4 000, ny ao Sambava misy toerana 2 000. Ny kianja mitafo manara-penitra misy toerana 1 000, miisa 15 na "gymnases 1 000 places" hatao any amin'ny Distrika sy Faritra.

Ireto manaraka ireto no Distrika sy Faritra misitraka ny "gymnases 1 000 places": Antalaha, Antsohihy, Mandritsara, Maintirano, Manakara, Farafangana, Sakaraha, Ampanihy, Ambovombe ary Taolagnaro.

Kianja mitafo manara-penitra mahazaka mpijery 4 000 kosa miisa 3 no haorina amin'ireto toerana ireto: Toamasina, vao atomboka amin'izao satria nisy olana teo amin'ny fanombohana ny asa. Tamin'ny voalohany, nisy ny tsy faharesen-dahatry ny "Conseil Communal" tao Toamasina, ka tsy lany io "projet" io. Rehefa nampandalovina tamin'ny fampandiana faharoa, ka nitondrana fanazavana bebe kokoa mikasika ny fotodrafitrasa dia lany soa aman-tsara ary vita roa herinandro lasa ny famonoana omby sy ny fomban-drazana hanombohana ny asa.

Ao Mahajanga, vita ny fanombohana ny asa; 30%-n'ny "tranche ferme" ary hiditra amin'ny "tranche conditionnelle" indray. Ny any Toliara, efa vita tanteraka ny "tranche ferme" ary hiditra amin'ny "tranche conditionnelle" amin'izao fotoana izao.

Manaraka, ny dobo filomanosana olympika, mahazaka mpijery 1 000 no haorina ao Mahajanga sy Toliara. Ao Mahajanga, efa vita ny "tranche ferme" ary hiditra amin'ny «tranche conditionnelle», ka eritreretina ho vita amin'ity taona ity ny asa fanorenena ny dobo filomanosana.

Ny ao Toliara kosa, noho ny fahasarotan'ny toerana satria honahona izany dia miandry kely aloha. Raha ny fanirian'ny Filohan'ny Repoblika, tiany ho eny amoron-dranomasina no hanaovana ny "piscine olympique". Izay no nanano sarotra ny teknisiana tamin'ny fanombohana ny asa. Efa eo an-dalam-panamboarana ary eritreretina ho vita amin'ny fiatombohan'ny taona 2022 izany.

Ny "terrain synthétique" misy toerana 1 000, miisa 30 no efa an-dalam-pahavitana amin'ireto Distrika ireto: Tsiroanomandidy, Taolagnaro, Toliara I, Ambovombe, Morondava, Ihosy, Betafo, Ambalavao, Ambositra, Ambatolampy, Antsirabe, Antsiranana, Sambava, Ambilobe, Nosy Be, Mandritsara, Befandriana, Antsohihy, Port Bergé, ary ao Mahitsy, izay vao notokanana tamin'ny herinandro lasa teo. Ankazobe, Vohipeno, Mananjary, Mahanoro, Moramanga, Brickaville, Ambohidratrimo, notokanana tamin'ny Alakamisy lasa teo ary ny ao Fenoarivo Atsinanana efa eo an-dalam-pahavitana ny tranon'ny tanora. Efa vita tanteraka ny asa fanamboarana ao Vatomandry. Misy koa ny an-dalam-pahavitana sy ny an-dalam-panamboarana dia ny ao Lalangina izany. Misy mbola hatomboka, toy ny ao Sakaramy any Antsiranana sy ny ao Manjakandriana.

Raha fintinina ny fizarana voalohany, ireo no fotodrafitrasa natao ho fitsinjovana sy ho fampandrosoana ny tanora sy ireo mpikatroka ara-panatanjahantena any amin'ny Faritra rehetra eto amin'ny Nosy. Mba hahafahan'izy ireo mandray lalao goavana sy lalao iraisam-pirenena; indrindra ho fanatanterahana ny veliranon'ny Filohampirenena hanandratana avo ny fanatanjahantena Malagasy. Ho fampitoviana lenta ny zanaky ny Malagasy rehetra, mba tsy hisy intsony zanaka Malagasy hadino any amin'ny Faritra na any amin'ny Distrika araka ny toromariky ny Filohampirenena.

Ho an'ny fizarana faharoa, momba ny "plan d'émergence sud".

Nandritra ny "colloque régionale" natao tany Taolagnaro ny faha-10 sy ny faha-11 Jona 2021 teo; izay natao teo ambany fiahian'ny Filohan'ny Repoblika sy teo ambany fitarihan'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta dia nakantoavina ho laharam-pahamehana ireto tetikasa manaraka ireto:

Kianja manara-penitra na "terrain synthétique" miisa 8 no haorina any amin'ny Faritra Atsimo; izay mahazaka mpijery miisa 500. Ahoana no nahatonga ny fanapahan-kevitra hoe natao 500 fa tsy natao 1 000 ny toerana; satria rehefa nojerena ny halehiben'ny tanàna dia izay no mifanentana amin'ny filàna eny ifotony ary hahavita maromaro kokoa isika araka ny tetibola ananana. Raha ohatra mahavita toerana iray dia mahavita kianja roa isika amin'ny tetibola mitovy raha miisa 500 ny mpijery. Hisitraka izany ny Distrika any amin'ny Faritra Atsimo satria fantatra fa tara ny fivoarany raha miohatra amin'ny Distrika sy Faritra hafa.

Ireto no Distrika hisitraka izany kianja manara-penitra izany: Amboasary, Betroka, Bekily, Tsihombe, Beloha, Ampanihy, Benenitra ary Betioky.

Ny tombam-bidin'izany kianja manara-penitra izany dia eo amin'ny 675 000 000 Ariary. Efa nankatoavin'ny Filohampirenena ny hanamboarana ireo toerana rehetra ireo.

Ny kianja mitafo, misy toerana 1 000 izay haorina ao Ambovombe sy Taolagnaro. Ho an'i Taolagnaro manokana, toy izao manaraka izao ny fandrosoan'ny asa.

Marihana fa kianja mitafo misy "vestiaires" 4 ho an'ny mpilalao ary "vestiaires" 2 ho an'ny "arbitre", "dojo" sy "salle de musculation" ary "local technique" tena raitra tokoa. Tsy menamitaha amin'ny any ivelany sy amin'ny Nosy manodidina, satria mba tany ihany ny tena nitondra ny ekipa nasionalintsika izay nanao lalaon'ny Nosy tamin'ny «10^{ème} édition» tatsy "Maurice". Ataoko fa reharehantsika Malagasy ny fahavitan'ireo fotodrafitrasa ho an'ny taranaka mandimby sy taranaka amam-para sy ho an'ny fahatanjahantena ihany koa.

Ny "tranche ferme" dia efa vita ary 23% no fahavitan'ny "tranche conditionnelle".

Ankotran'ireo, misy ihany koa ny programa "pôle emploi jeune" ho an'ny Distrika miisa 12 amin'ireto Faritra ireto: Analamanga, Ihorombe, Alaotra-Mangoro, Androy, Anosy ary ny Faritra Atsimo Andrefana.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisam-pitenenana ny Solombavambahoaka.

Nomarihany fa ny fandraisam-pitenenana hatao dia tokony hiompanana amin'ny tatitra natao teo.

Rehefa izany, nomena 5 minitra ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka raha misy fanamarihana hataony.

Toy izao no nambaran'Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo, raha nandray fitenenana:

Soa toavina Malagasy tokoa ny hoe: ny fahasalamana no voalohan-karena ary izay marary andrianina. Hita taratra ankehitriny, fa tsy manao ambanin-javatra ary manao laharam-pahamehana ny fanatsarana ny kalitaon'ny fahasalamam-bahoaka ny fitondram-panjakana.

Raha ny tatitra natao, nisy ny fanazavana ny zava-bita tamin'ny taona 2020 sy ny taona 2021. Hita fa maro ny ezaka nataon'ny Minisitery sy ny fitondram-panjakana. Porofon'izany, tsy ampy ho anao ny fotoana nomena anao teo. Ny momba "Covid-19" amin'ny "2^{ème} vague" aza mbola tsy voalaza. Koa mangataka, Andriamatoa Minisitry, satria tsy maintsy mbola hiverina hiteny ianao rehefa avy eo; mangataka anao mba hanazava ny resaka "Covid-19".

Ny zavatra hita amin'izao fotoana izao dia miezaka mafy ianareo amin'ny ady atao amin'ity valan'aretina "Covid-19" ity. Fantatra fa nihamafy izany satria efa misy ny "variant sud-africain" amin'izao fotoana izao. Hita ny fanafarana ireny fitaovana isan-karazany ireny hisorohana ny tsy fahatongavana amin'ny fahafatesana. Anisan'izany ny fanafarana "extracteur d'oxygène" maro, ny "bouteille d'oxygène" ihany koa.

Ny zava-dehibe dia ny fahazoantsika vaksiny "Covishield" izay efa tsy misy fepetra intsony amin'izao fotoana izao, hoe ho an'ny olona mihoatra ny 60 taona na ho an'ny mpitandrofilaminana na ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana ihany, fa ho an'ny daholobe.

Misy koa ny fanomezana fanafody maimaim-poana sady ampy satria raha ny Distrika misy ahy no resahako dia anisan'ny nisitraka izany sady tonga ara-potoana.

Nisy koa fanokafana ireo toeram-pitsaboana, toy ny "Centre de Commandement Opérationnel Covid" sy ny toerana samihafa izay hitsaboana ny mpiara-belona amintsika. Marina fa misy fotodrafitrasa miparitaka manerana ny Distrika izay tsy mbola nisy hatramin'izay, indrindra ny hopitaly manara-penitra. Maro ny Distrika efa ela no niandrindra an'izany. Isaorana ny fitondrana, fa misitraka an'izany ny Distrika maro. Eo ihany koa ny CSB II any amin'ny Distrika 119, izay samy nahazo daholo. Misy 20% no vita ny sasany, ny hafa 80% no vita.

Manaraka izany, manao ahoana ny olona atao hoe "vulnérable".

Taorian'izay, nomena fitenenana ny Filohan'ny Vaomieran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

Toy izao no teny nataon'Andriamatoa RATSIVAHINISOLO Andriniony.

Raha ny mikasika ny tatitry ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena teo, azo lazaina fa fahombiazana no hita tamin'ny lafiny fotodrafitrasa, satria voatanisa daholo ny fotodrafitrasa vita na teo aza ny hamehana ara-pahasalamana misy eto amintsika. Iarahana mahalala fa tsy mitsahatra manao ny asa araka ny velirano napetraky ny Filohampirenena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Ankoatra ny fotodrafitrasa efa natao, maro ny zavatra hitanay vitan'ny fitondrana tarihin'Andriamatoa Andry RAJOELINA sy ny Minisitry TINOKA Roberto tamin'ny fanohanana ireo ekipam-pirenena niady ny voninahitr'i Madagasikara tany ampitan-dranomasina. Tao ny ekipan'i BAREA, nanatrika ny fihaonana tany ny tenako, tany Etiopia izany, ka ny Minisitry no niantoka ny lany. Tao ihany koa ny mpifaninana tamin'ny fibatana fonjamby sy ny "basket-ball". Deraina ny Minisitry satria nanohana ny mpilalao Malagasy ary ny fotodrafitrasa mandeha kanefa ny mpilalao tsy maintsy jerena koa.

Manararaotra, Andriamatoa Minisitry, satria ao amin'ny Distrika nahavoafidy ahy, misy ekipa hanao "championnat de boxe française" ary ao Atsimondrano avokoa no handrafitra ny ekipam-pirenena amin'izany. Efa fantatra ny ho avin'izy ireo satria mety ho sahirankirana, koa mangataka fanampiana avy aminareo. Mino aho, fa hitondra vokatry tsara ho an'i Madagasikara ireo mpilalao ireo.

Deraina koa ianareo amin'ny ezaka hatao any Atsimo amin'ny PEM SUD, satria raha izao no jerena, tsy ho ela dia hitovy tantana avokoa ny Distrika manerana an'i Madagasikara ary izay no tanjon'ny Filohampirenena.

Marina ny tenin'Andriamatoa Minisitry, teo hoe ny fanatanjahantena no herijika iray mampiray fo ary mapisongadina ny firenena iray.

Andriamatoa Minisitry, ny Solombavambahoakan'i Soanierana Ivongo dia mitaraina aminao hoe: nahoana no tsy natao ny kianja manara-penitra any an-toerana. Izay no hafatry ny namana, ka ampitaina aminao.

Faharoa, Andriamatoa Minisitry, fangatahana satria efa nifampiresaka tamin'ny solotenan'ny Minisitry aho mikasika ny hijerena ny mpilalaontsika izay nitondra avo ny fanatanjahantena. Raha azo atao, tokony hisy "commission tripartite" iarahana'ny Minisitry sy ny Solombavambahoaka ary ny mpilalao. Ny antony, mba hifampidinika hoe ahoana no hijerena azy ireny na amin'ny faha-26 Jona na faran'ny taona koa satria raha ao anatin'ny tanjany ny mpilalao Malagasy, afaka mitondra avo ny voninahy-pirenena izy amin'izay fotoana izay.

Momba ny tatitry ny zava-bita: maso miara-mahita, Andriamatoa Minisitry, ny ezaka ataonao ary arakara-tarehy vao zavatra. Mankahery antsika mba handroso amin'izay ity fanatanjahantena ity ary hitondra avo ny fanevam-pirenena ihany koa ny mpilalao.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon-dRamatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc: Tsy amin'ny maha mpikambana ao amin'ny GPR no itenenana, fa amin'ny maha Filohan'ny "Commission Genre et Développement" ahy.

Ramatoa Minisitry ny Mponina, efa samy taty Taolagnaro nanao iny "colloque" iny tao anatin'ny roa andro isika.

Ny voalohan-teny dia fisaorana tamin'ny "intervention" izay natao taty Taolagnaro tamin'ny "colloque" iny.

Ny zavatra irariana dia ny hahatanteraka ireny fampanantenana sy fandrindrana asa izay nataon'ny Filohampirenena nampita tamintsika rehetra izay nanao an'iny atrikasa iny.

Izao no ampitaina, Ramatoa Minisitry, ny hampisy hatrany izay rindran-damina sy rindran'asa izay amin'ny maha mpanantanteraka anareo sy amin'ny maha parlemantera anay; indrindra amin'ny maha vehivavy antsika. Miangavy ny tenako mba homenao tombony ny vehivavy parlemantera ato amin'ny Antenimierampirenena. Tsy ho tompon-trano mihono amin'izay asa rehetra hataonao intsony izahay.

Isaorana anao mialoha izay satria parlemantera nivoaka avy tato amin'ny Antenimierampirenena koa ianao. Aza atao ambanin-javatra izay firaisankinantsika izay; mba handray ny hetahetan'ny vehivavy ato amin'ny Antenimierampirenena ianao.

Fisaorana koa no natolo-dRamatoa Filoha an-dRamatoa Solombavambahoaka tamin'ny fitenenana nataony.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD.

Ramatoa Filoha,

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra,

Ianareo Minisitry telo mianadahy,

Isika Solombavambahoaka namana.

Manana 20 minitra izahay, ka hisy fifampitsinjarana ny fandraisana fitenenana.

Homeko anjara 5 minitra voalohany ny Solombavambahoakan'Antsalova, manaraka azy, 5 minitra ny Solombavambahoaka RAZAKANDRAINY Henri Dominique, voafidy tao Sakaraha ary ny ambin'izay no horaisiko.

Toy izao no teny nataon'Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice, raha nandray fitenenana: Isaorana ny Filohan'ny GPIRD nanome ahy ny fitenenana.

Ny voalohany, mivantana amin'ny Minisitry ny Fahasalamana, manaraka ny Minisitry ny Mponina ary farany, ny Minisitry TINOKA Roberto.

Ho an'ny Minisitry ny Fahasalamana, mankasitraka, mankatelina amin'ny fanomezana anay ny hopitaly manara-penitra; mankasitraka ihany koa tamin'ny fanomezana CSBII manara-penitra.

Ny indro kely, Andriamatoa Minisitry, ny asa ao amin'ny Fokontany Soatana, Kaominina Trangay; mihantona ny asa amin'izao fotoana izao. Tsy hay hoe inona no antony nampiato azy; eo amin'ny 40% eo ny asa miato amin'izao fotoana izao.

Manaraka, Andriamatoa Minisitry, mangataka mafy izahay ny hanomezanareo dokotera aty Antsalova satria ny hopitaly sy CSBII tsy ahitana dokotera, "bénévolat" no lehiben'ny CSBII aty an-toerana. Sahala amin'izay koa ny dokotera mpitsabo nify. Tsy misy dokotera mpitsabo nify aty aminay, ka sahirana izahay.

Ny dokotera eto an-tampon-tanàna hatreto, tsy hainay hoe iza no dokotera, aiza izy amin'izao fotoana izao.

Mangataka izahay mba hijerena akaiky an'izay satria sahirana ny Distrik'Antsalova amin'ny resaka fitsaboasna sy ny tsy fahampian'ny mpiasan'ny fahasalamana.

Ho an'ny Minisitry ny Mponina; isaorana tamin'ny fanazavana teo. Ramatoa Minisitry, malahelo izahay ato amin'ny Distrik'Anantsalova satria tsy hita amin'ny resaka fanampiana mikasika ny mponina. Ny birao momba ny mponina eto aminay dia efa ela no tsy nisy. Hatramin'izao, mbola tsy nojerena izay fanampiana izay. Raha tsy izaho no tonga eto, tsy misy fanampiana tonga eto Antsalova; indrindra ho an'ny be antitra; maro izy ireo no mila fanampiana. Maniry izahay mba ho anisan'ny tafiditra amin'ny lisitra notononina teo ny Faritr'i Melaky, indrindra ny Distrikan'Antsalova.

Ho an'ny Minisitry ny Fanatanjahantena.

Raha ny Faritr'i Melaky no jerena; nisy ny "jeux de Melaky" tamin'ny herin-taona. Natao teto ny "championnat régional"; ny mpilalaon'ny Distrikan'Antsalova no nahazo ny amboara roa tamin'izay.

Mangataka izahay, Andriamatoa Minisitry, mba homenao kianja manara-penitra tahaka ny sasany satria ny Distrik'Antsalova no voalohany raha ny resaka fanatanjahantena.

Raha ato amin'ny Distrik'Antsalova no jerena, misy Kaominina enina; farafahakeliny misy mpilalao telo na efatra avy. Mangataka izahay, Andriamatoa Minisitry, ny hijerena azy ireo.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Sakaraha.

Toy izao no teny nataon'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique Miarahaba ny Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta, telo mianadahy nanao ny tatitry ny asa vitany tamin'ny taona 2020 izahay.

Mankasitraka ny Filohan'ny GPIRD namela anay hanana anjara fitenenana dimy minitra.

Voalohany, mankasitraka ny ezaka ataon'ireto Minisitry telo ireto izahay.

Ho an'ny Minisitry ny Fahasalamana, izay hita tokoa fa miantraika any amin'ny fiainam-bahoaka ny ezaka ataony. Tsy mora ny ezaka, Andriamatoa Minisitry, kanefa hita ny finavianao amin'ny fitantanana izany departemantan'ny fahasalamana izany. Mankahery anao izahay na maro aza ny mpitsikera. Mankasitraka amin'ny ezaka atao satria fitiavana ny Malagasy no katsahina ary anisan'ny loharanon-karena lehibe tokoa ny fahasalamana.

Misy fangatahana kely raha sitrakao dia ny hijerena ireo Kaominina mbola tsy misy hopitaly sy CSB eran'i Madagasikara. Ny an'i Sakaraha, misy Kaominina roa izay efa nifampiresahantsika ihany. Ankasitrahana ny ezaka rehetra, indrindra fa ity ady amin'ny "coronavirus" ity, izay nandraisan'ny Minisiteran'ny Fahasalamana andraikitra lehibe tokoa.

Ho an'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena: izy no anisan'ny Minisitera nahavita zavatra goavana indrindra tamin'ireo kianja manara-penitra sy ireo "infrastructure" marobe eran'i Madagasikara. Andriamatoa Minisitry, mankasitraka ary mankahery koa amin'ny asa iantsorohanao na maro aza ny mpitsikera. Ny tsy miasa ihany no mitsikera, indrindra ireo olona tsy nijery ny fiainan'ny tanora nandritra izay taona maro izay. Koa raha mba misy sehatra nametrahana'Andriamatoa Filoha sy nametrahana anao; tsinjovy ny tanora. Ataoko fa zavatra lehibe izany. Singanina ny tanora Malagasy amin'izany fisitrahana ny "infrastructure" sy ny fitaovana rehetra izay nataonao tamin'io Minisiteranao io. Ao andamosin'ny fitondrana foana izahay Solombavambahoaka, satria misy ny zavatra goavana natao taty amin'ny Faritra Atsimo.

Mankasitraka, Andriamatoa Minisitry.

Manamafy ny tenin'ny namana Solombavambahoaka teo mikasika ny hanatanterahana ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana ho an'ity tanindrazana malalantsika ity.

Mankasitraka, Ramatoa Filoha.

Mankasitraka anareo Minisitry telo mianadahy.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny GPIRD, ka toy izao no nambarany.

Mankasitraka, Ramatoa Filoha.

Manangan-tàna, Andriamatoa HENRI Jean Michel, ka homeko 3 minitra aloha izy.

Rehefa izany, nomena an'Andriamatoa Kestora Voalohany ny fitenenana.

Toy izao no teny nataon'Andriamatoa HENRI Jean Michel.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra, indrindra ianareo Minisitry namelabelatra ny asa vita tamin'iny taona 2000 iny sy ny «perspective» ho amin'ny taona 2021 ity koa.

Mankasitraka ny fanomezana fitenenana avy tamin'ny Filohan'ny Vondrona Parlementera IRD ihany koa.

Tsy manana fanontaniana aho, fa tena afapo amin'ny asan'ny Governemanta. Raha afapo ka mahazo izay tadiavina ny vahoaka; angamba ny zavatra tsotra farany azo atao dia ny misaotra sy mankasitraka an'izy telo mianandahy izay nanolotra ny asa vita tamin'ny taona lasa, satria tao anatin'ny roa andro, nikaon-doha namelabelatra ny tetikasa hanavotana ny Faritra Atsimo izay ianjadian'ny Kere nanomboka tamin'ny taona 1932. Mankasitraka, mankatelina amin'ny asa vita ary manantena ny fanombohan'ireo asa ireo tsy ho ela.

Any amiko misy kianja manara-penitra efa vita ao, misy “gymnase couvert”, misy “espace de jeu” napetraka. Antsasan'ny «mandat» no vitan'ny Filoha Andry RAJOELINA kanefa ny Filoha teo aloha nahavita «mandat» dimy taona, tsy nahavita ny vitany. Koa mampirisika anareo mpikambana ao amin'ny Governemanta rahalahy sy anabavy isany izahay.

Mankasitraka, mankatelina amin'ny zavatra nataonareo. Tohizo fa miandrindra anareo ny Faritra Androy ary manohana anareo Governemanta koa izahay satria fitiavana lehibe no atolotrareo ho anay any Androy sy Anosy. Sitraka enti-matory, hovalianay izany raha mahatsiaro.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Soalala.

Toy izao no namabaran'Andriamatoa SAID Zakaniaina Mahafaly Joseph:

Misaotra, Ramatoa Filoha, misaotra an'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlementera koa ny tenako.

Misaotra ny Ministry ny Fahasalamam-bahoaka nanome fiara 4x4 sy “ambulance”.

Misaotra koa tamin'ny CSB manara-penitra ho an'Andranomavo, saingy aza hadinoina Andriamatoa Minisitry, fa araka ny tenin'ny Filohampirenena, tany lavitra i Soalala sy Andranomavo ka tokony hiampy roa na telo ny Hopitaly any an-toerana.

Ho an'ny Ministry ny Mponina, aza hadinoina fa efa tokony ho vita tamin'ny taona lasa ny biraon'ny Mponina any Soalala, izay mbola tsy nisy an'izany hatramin'izay. Mampahatsisahy izahay hoe: alefaso ny «procédure» satria efa ho fahavaratra ny andro, somary saro-dalana i Soalala. Manantena anao hanafaingana izany izahay.

Farany, mitodika amin'ny Ministry ny Fanatanjahantena; efa nasaina teny Ambohidratrimo aho ary nandalo tany Soalala koa ny Filohampirenena. Ahoana ny fanombohan'ny asa mikasika ny kianja manara-penitra any Soalala izay mahazaka mpijery 500 araka ny voalazanao sy nampanantenain'ny Filohampirenena tany Soalala tamin'ny 1 Jona teo. Nasainy izahay nijery ny kianja tao Ambohidratrimo, tsara io kanefa mba miandry ny azy koa ny vahoaka any Soalala. Mampirisika anareo Governemanta izahay, betsaka ny ezaka tsy vita nandritra ny dimampolo taona; singaniko manokana, fa ny Filohampirenena sy izao Governemanta izao no nahavita izany.

Mirary soa ho antsika rehetra nahavita ny adidy sy ny andraikitra nankinina taminareo.

Mankasitraka Tompoko.

Rehefa izany nomena fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD.

Tahaka izao no teny nataony tamin'izany: Eto izahay dia velom-pisaorana anareo Minisitra telo mianadahy, ny Minisitry ny Mponina, ny Minisitry ny Tanora ary ny Minisitry ny Fahasalamana.

Ny afapo tsy misy, fa raha ny tatitra nataonareo teo, miasa manenjika ny fahatarana amin'ny lafiny rehetra ianareo Minisitra.

Tsy ho lava resaka aho, Ramatoa Filoha, fa mazava sy ampy ny teny nentin'ireo Solombavambahoaka IRD namako teo. Mba misy hafatra kely avy amin'ny namana ao Marovoay hampitaina aminareo: mangataka ny hanaovana kianja manara-penitra i Marovoay satria i Boeny dia anisany tara raha mikasika an'izay.

Ho an'ny Faritr'Itasy, Distrikan'i Miarinarivo, mbola tsy misy «gymnase» na kianja manara-penitra, araka ny fitantaran'ny namana avy any. Fenoarivobe koa, mangataka amin'ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatajahantena mba hahazo an'izany.

Nankasitraka ny Vondrona Parlemantera IRD tamin'ny fandraisam-pitenenany, Ramatoa Filoha ary nanome fitenenana ny Vondrona Parlemantera GPR indray.

Andriamatoa MAMIHAJA Charlot no nanao izany, ka toy izao no voalazany.

Miarahaba antsika rehetra manaraka izao fivoriana izao.

Miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, miara-mivory manao ny tatitry ny asa vita, ny taona 2020 sy ny vina amin'ny taona izay diavina; indrindra ny Minisitra telo mianadahy izay tonga eto.

Ho an'ny Minisitry ny Mponina: mankasitraka, Ramatoa Minisitra, satria hita ny ezaka ataonao araka ny tatitra teo. Vehivavin'ny kianja ianao satria fantatra ny fahaizanao an'izany «terrain» izany any amin'ny Distrika misy anao. Solombavambahoaka ianao talohan'ny nandraisanao andraikitra ao amin'ny Minisiteran'ny Mponina izao. Mankasitraka, mankatelina amin'ny fiaraha-miasa satria mandeha tsara izany hatramin'izao.

Fangatahana avy amin'ny Distrikan'i Mananjary: efa te-hahita anao ny Distrikanay, koa manasa anao, Ramatoa Minisitra, ho tonga hitsidika any amin'izay fotoana mampalalaka anao.

Ho an'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena. Efa nisy resaka nifanaovantsika saingy tsy nisy tohiny; koa mampahatsiahy an'izay aho, Andriamatoa Minisitra.

Ankasitrahana ny fomba fiasa hoe arakaraka ny habetsahan'ny tanàna no anaovana fotodrafitrasa satria manome tombony ny tontolo Ambanivohitra izany. Mba hararaotina ihany; izahay ao Distrikan'i Mananjary dia mangataka kianja manara-penitra mahazaka olona 500. Marihako, fa efa misy kianja fanaovana baolina hatramin'izay, ny manodidina azy angamba no ananganana toerana ahafahan'ny mpijery mipetraka ka mba atao mahazaka olona 500. Ho an'ny Kaominina Antsenavolo sy Vohilava ary ao Ambatolambo, izay efa nanaovana veliranon'ny Filohampirenana.

Aleo mba hotanterahina eo akaikin'ny "Lycée" manara-penitra Ambatolambo, Kaominina «urbaine» Mananjary izy io. Amin'izay, eo no anaovan'ny tanora ao Ambatolambo sy Mananjary fanatanjahantena, toy ny «test» amin'ny "Bacc" ohatra.

Mitovy amin'izay koa, ao amin'ny Kaominina Mahavoky izay efa manana kianja, fa ny toerana ho an'ny mpijery no mampijaly, mipetraka amin'ny fotaka rehefa mijery fifaninanana ara-panatajahantena, ka mila jerena ny momba an'izay.

Ho an'ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, hita ny tatitra nataonao teo, Andriamatoa Minisitry. Maromaro ny trano efa vita, ny hopitaly manara-penitra manerana an'i Madagasikara, ka ankasitrahana anao izany.

Somary nanaitra anay ihany teo hoe tamin'ny taona 2020 dia nandray mpiasam-panjakana miisa 1025 ny Minisitry. Amin'ny toe-javatra ohatran'izao, mahagaga ihany, tsy nahafantatra ny olona eny ifotony hoe nanao ahoana ny fomba nanaovana izany. Mbola hisy koa amin'ity taona ity kanefa ho an'ny Faritra Vatovavy-Fitovinany, 45 fotsiny no norasina ho mpiasam-panjakana. Tokony hojerena izay, Andriamatoa Minisitry.

Tamin'ny resaka nataon'Andriamatoa Minisitry tamin'ny haino aman-jery, nilaza ianao fa hisy «recrutement» ho an'ny PARAMED. Izany hoe ho an'ny «bénévol» efa miasa amin'ny CSBII sy CSBI ary any amin'ny Hopitaly "Communautaire". Efa nisy fiaraha-miasa tamin'ny Solombavambahoaka, ka sao tokony hifanatsaha na fivoriana «visio conférence» ohatran'izao aza, hanazavana hoe firy no horaisina, firy ny «quota» isaky ny Distrika. Inona no anjara andraikitra ny Solombavambahoaka ao anatiny ankoatra ny maha mpanara-maso azy. Ahoana ny fangaharaharan'ny "recrutement", fa tsy amin'ny tatitra vao hita, Andriamatoa Minisitry, hoe nandray mpiasa miisa 1025 ny Minisitry kanefa somary nangigina. Raha any amin'ny Disitrika iadidiako, mbola tsy hita taratra any izany mpiasa miisa 1025 izany.

Nampitondra teny anay ny Solombavambahoakan'i Brickaville hoe, mbola tsy voasolo ny dokotera mpandidy izay nafindra toerana, nitazona «bloc opératoire» tao aminy. Iarahantsika mahalala fa ny lalam-pirenena faharoa izay itrangan'ny lozam-pifamoivozana matetika, napetraka io «bloc opératoire» io kanefa tsy misy mpitsabo amin'izao fotoana izao. Angatahana ny hanoloana azy, Andriamatoa Minisitry.

Mitovy amin'izany koa ny ao Andekaleka, fantatra fa efa vita ny hopitaly ao an-toerana, efa misy fitaovana, ka aleo sokafana ny CSBII ary handefasana olona hitazona azy. Raha ohatra mbola tsy manana olona ny Minisitry, efa misy olona vonona hitazona azy any aminy.

Eo amin'ny «affectation» izay ihany, hita fa saika manerana an'i Madagasikara ity «système d'affectation» ho an'ny mpitsabo ity. Fantatrao ny zavatra nisy tao Mananjary, nisy «affectation» niendrika zavatra hafa tao. Nangatahako fihaonana tamin'Andriamatoa Minisitry izany, saingy hatramin'izao sahirana foana ianao amin'ny adidy aman'andraikitra izay tsy ifanomezan-tsiny. Ny angatahana aminao dia ny hanaovana ny mangaharaha tanteraka mikasika ny «recrutement». Tsara raha manazava ianao satria betsaka ny fanontaniana miantefa aminay Solombavambahoaka. Inoako fa isika Solombavambahoaka dia iantefan'ny fanontanian'ireo «bénévol» ireo daholo. Tokony hapetraka ny «critère» hoe hopitaly manao ahoana no handraisana ny "bénévol"; inona daholo no "dossier" ilaina.

Manarak'izay, iaraha-mahalala fa ny fotodrafitrasa eto amin'ny firenentsika dia somary manahirankirana ihany amin'ny ankapobeny, indrindra any ambanivohitra. Tokony hambara mazava ny fepetra apetraka ho an'ny Fokonolona amin'ny fanorenana hopitaly "Communautaire" satria lasa lamaody any amin'ny Fokontany ankehitriny ny manangana hopitaly araka ny zava-misy azo ampiasaina eny ifotony. Mety hanorina trano kely ry zareo, mety hisy zanak'izy ireo nianatra, nahavita fianarana tamin'ireny fampiofanana ho PARAMED ireny ka izy no lasa mpitsabo eo an-tanàna. Tokony hapetraka tsara ny fepetra hoe ahoana no takian'ny Minisitery. Ankasitrahana aloha ny «politique d'approche communautaire» nataon'ny Minisitery tarihinao ankehitriny satria hita fa misokatra, manatona eny ifotony izany, saika efa isaky ny tanàna misy hopitaly kely daholo. Tsy voatery ho vita ao anatin'ny dimy taona ny fanaovana an'izany ho manara-penitra, fa tokony hasiana fepetra mazava hoe olona firy no afaka manangana hopitaly «communautaire».

Zavatra misy izany satria anisany nampitondra hafatra ho anay Ramatoa JOHASY Eléonore, avy any Vaingadrano. Izany zavatra resahana izany, tsy i Mananjary irery, fa misy tranga ohatran'izany koa any amin'ny Distrikan'i Vaingandrano.

Ho anay ao Mananjary, misy CSBII ao amin'ny Fokontany Marofinaritra, efa ho simba izy io, efa maniry zezika; herin-taona no nananganana azy; mba jereo kely fa matoa ireny asa ireny mandeha, nisy tolo-bidy natao tao. Mba asio fanaraha-maso ireny tolo-bidy ireny. Raha mahatsiaro isika, anisany nokianiko ny «passation de marché» momba io zavatra io kanefa noterena nalefa ihany. Aiza ny vokany, tsy misy zavatra mandeha ao, fa mba jereo akaiky.

Mangataka ny hanorenana hopitaly na farany tsotra aza ao amin'ny Kaominina Antaretra satria mitoka-monina izy no sady tsy manana hopitaly, fa trano hazo no itsaboana. Efa misy dokotera mpiasam-panjakana miasa amin'io toerana io, kanefa mangataka izahay ny hanaovana hopitaly faran'izay raitra amin'io Kaominina Antaretra io.

Mankasitraka ary ialana tsiny, fa ny fanamarihana no nalefa aloha satria tsy ampy ny fotoana. Ankasitrahana satria hita fa mihatsara ny zavatra vita. Mankahery anao mba hanarina ireo zavatra rehetra izay nifampiresahana teo ireo.

Misaotra antsika Solombavambahoaka naharitra nihaino.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa PEPIN MICHOU, voafidy tao Ankazoabo, ka omena fitenenana.

Toy izao no teny nataony rehefa nandray fitenenana.

Mitodika amin'ny Minisitry ny Fanatanjahantena. Misaotra anao, fa raha tsy nisy anao ity firenena ity, tena tsy hay hoe nanao ahoana. Mankasitraka anao, indrindra izahay aty amin'ny Faritra Atsimo; manana izahay manana anao satria hita tokoa ny ezaka ataonao, Andriamatoa Minisitry; tsy any amin'ny Faritra Atsimo ihany, fa saika eran'ny nosy. Miangavy anao mba hanome kianja manara-penitra mahazaka olona 500 ao Ankazoabo satria mijaly ny tanora.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Vondrona Parlemantera tsy miankina na ny «Non Inscrit».

Toy izao no teny nataon'Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta tamin'izany.

Marahaba ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta, telo mianadahy tonga manao tatitra eto.

Ny tenako no nosafidin'ny Vondrona Tsy Miankina na ny "Non Affilié" izay misy Solombavambahoaka folo eo ho eo hitondra ny fitenenana.

Ny hanombohana izany dia mitodika manokana amin'ny Minisitry ny Fahasalamam-bahaoka.

Mankasitraka indrindra amin'ny asa sy ny ezaka nataonao, Andriamatoa Minisitry, satria raha ny vokatry napoitra nasehon'ny Filohampirenena hatramin'izay dia nahitana fahatsarana ny fitantanana ny resaka "Covid-19" momba an'i Madagasikara. Nahazo tombon-dahiny isika ka mankasitraka anao sy ny mpiara-miasa aminao ary midera ny ezaka ataonao. Mirary anao hahavita soa amin'ny adidy sy andraikitra sahaninao.

Andriamatoa Minisitry, te-hitodika aminao satria nampitondrain'ny Solombavambahoaka namana hafatra aho.

Voalohany, mangataka mba hojerena sy hatao laharam-pahamehana ny fampitaovana ireo toeram-pitsaboana izay mandrafitra ny Distrika maro satria betsaka ny fitaovana tsy ampy any amin'ny Distrika misy eto Madagasikara.

Raha ho an'ny Distrikan'Ambatolampy manokana, ao ny resaka "scanner", ao ny "radiologie"; tena mbola tsy nisy an'izany tao amin'ny Distrikan'Ambatolampy. Raha mba misy azonareo atao, jereo ny fampitaovana ny hopitaly rehetra manerana an'i Madagasikara. Jereo akaiky koa ny fanafody izay tena ilaina amin'ny andavan'andro ho an'ny Faritra rehetra, fa tsy ny Distrika Ambatolampy fotsiny. Teo koa ny namana efa niteny ny fandraisana ireo "bénévol". Efa nisy fifampiresahana natao. Manao zavatra tokoa tsy mora. Izahay tsy manery na mitady valiny haingana, fa manantena fa tsy ho ela ny fijerena an'izany.

Eo ihany koa ny fangatahan'ireo Solombavambahoaka maro ato amin'ny Vondrona Tsy Miankina, mba tokony ho maro ny CSBI any amin'ny Faritra mbola tsy nisokatra. Izany hoe, tsy misy dokotera kanefa misy trano, misy toerana fandraisana marary ihany koa. Tsara raha mba afaka misitraka izany ny vahoaka any Ambanivohitra satria miandrindra fampanandrosoana avy amin'ny fitondram-panjakana ankehitriny.

Mankahery anao sy ny ezaka nataonao ary mirary ny soa sy ny tsara ho anao.

Ho an'ny Minisitry ny Mponina, efa nangataka fihaonana taminao aho, kanefa tsy tafahaona foana isika. Mamerina ny tenin'ny Filohampirenena aho hoe: tsy hisy intsony Distrika hadino eto Madagasikara. Manantena ny handalovanao any aminay izahay, toy ny teny nataon'ny namana teo aloha hoe: mametraka isaky ny Distrika na dia zavatra kely aza satria raha nandeha ny ady natao tamin'ny valan'aretina; nisy ny tosika nataonao araka ny tatitra teo. Raha ho an'ny Distrikan'Ambatolampy sy ny Distrika sasany, mety nisy tsy nahazo an'izay, fa miandrindra zavatra hafa izahay, tsy hoe tosika akory no ilainay, fa ny dian-tànana avelanareo ho an'ny vahoaka. Mankahery anao koa satria tsy mora ny adidy mavesatra raisinareo amin'izao satria ao anatin'ny ady amin'ity valan'aretina ity isika. Hitanay ny ezaka atao izay ifandrimbonanareo tsirairay avy.

Hamaranana ny fandraisam-pitenanana, mitodika amin'ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena; maro ny ezaka natao, nampiaiky ary nahatalanjona ny asa vitanareo satria raha vao niditra teo amin'ny fitondrana dia nisy ny BAREA. Nandeha koa ny fanamboarana kianja manara-penitra, hita ny fahavitan'ny kianja rehetra manerana an'i Madagasikara. Sambany aty Afrika no nahitana tao anatin'ny fotoana fohy, fotodrafitrasa maro toy izany. Mankasitraka satria tsy nikely soroka nanao izay mety ianareo, nanatontosa ny adidy mavesatra apetraky ny vahoaka aminareo, indrindra apetraky ny Filohampirenena; ny antony, nomeny fitokisana ianareo tsirairay avy.

Ny tiana itondrana fanamarihana; ho an'ny Distrika maro, toy ny hitanay, betsaka no efa vita fa maro koa ny kianja manara-penitra mbola ametrahana fanontaniana hoe nijanona ny asa any amin'ny toerana sasany. Ohatra, ao amin'ny Distrikan'Ambatolampy, nisy fiatoana ny asa. Tsy hainay hoe inona no antony nahatonga an'izay. Andriamatoa Minisitry, manantena izahay fa ho vita haingana toy ny rehetra niaraka natomboka taminy ny fotodrafitrasa ao aminay. Marina fa misy ny kianja manara-penitra atao, fa amin'izao ankatoky ny fetim-pirenena izao, mba miandrindra izany koa ny vahoaka. Mety mba hisy tolotra homena ny vahoaka, ny fitaovana mba hampifaliana azy satria ao anatin'ny asaramanitra isika. Niady tamin'ny valan'aretina isika; na izany aza, azontsika jerena ny vahoaka, fa raha mba misy anjara biriky entina hatolotra an'ireo mpanao fanatanjahantena hahafahana manampy azy ireo, miandrindra an'izany ny Solombavambahoaka maro mandrafitra ny Distrika rehetra.

Mikasika ny mpianatra nivoaka tao amin'ny "Académie Nationale des Sports" na ny ANS, mbola maro izy ireo no tsy nahazo ny "poste". Misy fotodrafitrasa vao nampian'ny Andriamatoa Filoha, amin'ny hananganana "Académie Nationale des Sports Haut Niveau", raha mba mety, aleo jerena ireo mbola tsy nahazo asa hanampy anao amin'ny asa izay tontosainao.

Fisaorana no nataon-dRamatoa Filoha ho an'ny Vondrona Parlemantera sy ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana, taorian'izay ary niantso ny Vondrona Parlemantera TIM koa ny tenany mba handray fitenenana satria izy no sisa tsy nanao izany.

Rehefa tsy tao ity farany, nomeny 25 minitra, ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, hamaliany ny fanamarihana napetraka taminy.

Izao manaraka izao no teny nataon'Andriamatoa RAKOTOVAO Hanitrana Jean Louis, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, raha nandray fitenenana.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filoha,

Ianareo Solombavambahoaka vory eto.

Isika Minisitry manatrika an'izao fotoana izao.

Nisy ny fangatahana nataon'ny Filoham-baomieran'ny Fahasalamana mba hiresahana ny areti-mandoza "covid-19", indrindra "2^{ème} vague".

Ny «2^{ème} vague» dia nahitana zavatra roa lehibe niseho.

Voalohany, hitantsika ny vokany; faharoa, mandeha haingana izy ary mitarika fahafatesana. Hitantsika ny «variant Sud Africain».

Tsy hamerina intsony aho, fa ianareo rehetra efa samy niteny avokoa fa nahomby ny paikady napetraky ny fitondram-panjakana ary notanterahan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka tamin'ity ady amin'ny «2^{ème} vague» ity.

Raha mijery isika, tamin'ny herin-taona, tsy dia masiaka loatra, ka tany amin'ny faran'ny volana Jolay vao tena nidina, na nitovitovy tamin'ny nanombohany tamin'ity taona ity ny tranga niseho. Tamin'ny volana Mey lasa teo dia nidina izany ary amin'izao volana misy antsika izao, raha omaly, any amin'ny 15 any no isan'ny olona «positif». Izany rehetra izany no tanteraka dia ny vahoaka Malagasy mihitsy no isaorana satria nisy fahendrena manokana, nanaraka ny zavatra rehetra noresahana. Izany hoe, isika rehetra no niara-nisalahy tamin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, na ivelan'ny Minisitera koa aza izany. Araraotiko harabaina manokana eto ny mpiasan'ny fahasalamam-bahoaka izay nanao ny ainy tsy ho zavatra. Fantatsika fa anisan'ireo lavo ny «professeur» na ny dokotera na ny «administratif» ary teo koa ireo havantsika, ka miondrika ampanajana ho azy ireo isika amin'izao ady sarotra atrehantsika izao.

Ankehitriny, hita fa midina izany ary avy hatrany, fenentanana angamba no ataoko satria hiditra amin'ny fety isika. Mila ampitomboina ny fahamailoana manomboka izao mba ahafahantsika manao fetim-pirenena milamina ary aorian'ny fety koa mba hilamina isika ka ho lavitry ny «covid».

Ny paikady napetraka, horeshana kely izany. Voalohany, izay tranga rehetra azo lazaina hoe maivana no ilazana azy dia noraisintsika tany amin'ny CSBII, nahatratra 30 000 mahery any izany manerana ny Nosy; 30 000 mahery kely no “répatoriés”; izany hoe, ny isa voasoratra. Nanaovana “approche syndromique” ary avy hatrany dia nomena fanafody maimaim-poana ireny olona ireny. Najanona tany an-tranony satria izay no fehendrena, manaraka fitsaboana ary rehefa sitrana izy ireo izay vao mivoaka ny trano. Teo ihany koa ny fanaterana fanafody ho an'ireo nitondra tsimok'aretina “positif”. Fantatsika koa, fa teto an-toerana, niisa 600 izao ny olona tratran'ny “Covid”. Hita amin'izany, isaorana ny rehetra satria niarahana tamin'ny miaramila izay asa izay. Miisa 36 ny fiara no niditra sy nivoaka nanatitra ireny olona ireny ary tsy nisy hadino na iray aza.

Hitantsika koa fa nisy fitsaboana natao teny amin'ny CTC na ny “Centre de Traitement du Covid”. Isaorana ny Filohampirenena, fa ny fanatonana ireny CTC ireny dia nahafahana nahazo vokatra tsara. Tamin'ity taona ity, nisy ireo toerana fandraisam-bahiny natao hopitaly, izay mbola paikady avy tamin'ny Filohampirenena. Isaorana azy ny nahafahantsika nandray ireny tranobe ireny. Izay nila “oxygène” rehetra dia niarahana nahita ny vokany. Ny “cas grave” dia teny amin'ny hopitaly satria mila «réanimation» mafimafy kokoa. Araka ny fantatra, niisa 95 ireo olona tratran'ny “cas grave”. Miasa mafy tokoa ny mpitsabo sy ny mpitsabo mpanampy. Niara-miasa avokoa mba hamelomana ireo “cas grave” teny amin'ny hopitaly. Ny fanafody nandritr'izany fotoana izany ka hatramin'izao dia ampy tsara. Ny “oxygène” no nisy fahasaratana kely tamin'ny fotoana tsy nahampy izany.

Araka ny voalaza teo, manao zavatra tsy mora, tsy voatery ho 100% no mety, fa izay tsy mety arenina. Ny fitondram-panjakana dia haingam-piasa, vetivety dia tonga ny “bouteille d'oxygène” sy ny “concentrateur” nafaran'ny Filohampirenena. Io fitaovana io no anisan'ny goavana nanampy antsika nampidina ny tranga tamin'ny “Covid”. Amin'izao fotoana izao, afaka miaina isika ary misokatra ny Faritra.

Tsy atao lava loatra ny amin'iny, fa isaorana anareo Solombavambahoaka izay nandray antanana tamin'ny fanentanana samihafa tany amin'ny Faritra misy antsika tsirairay avy. Tsy kely izany, fa lehibe ary entintsika miara-miasa, entina hanarenana ny firenentsika.

Nisy fangatahana hoe ahoana ny amin'ny trano. Ilaina ny miresaka izany ary hovaliana antaratasy amin'ny antsipiriany mihitsy ianareo amin'iny. Misy amintsika no antsoina mba ahafahana miresaka ny zava-misy any amin'ny Distrika. Raha horeshana avokoa ny Distrika tsirairay, ho tapitra eto ny 25 minitra, fa halamina arak'izay mahamety azy.

Tiana homarihana kely ny CSB efa natao kanefa niato hatramin'izao. Ho an'ny Distrikan'i Mananjary; tsy hoe hadino na napetraka akory ireny asa ireny, fa misy "tranche ferme" izay hitantsika, fa ny "tranche conditionnelle" dia efa mandeha daholo ny "engagement" rehetra. Nisy sary hitako tokoa fa bozaka marobe no maniry eo amboniny. Misy orana ihany koa any an-toerana, ka mitsiry haingana ny zavamaniry. Noho izany, manerana an'i Madagasikara, manerana ny 119 Distrika, tsy hisy hadino ireo. Efa natsangana avokoa ny CSB, 20% amin'izy ireny no mandeha ary ankehitriny efa mandeha 80%izany. Io 80% io dia efa "engagé", efa 100% izany no ankamaroany manerana an'i Madagasikara tamin'ny "tranche conditionnelle" miaraka amin'ny zavatra rehetra noreshana teo.

Fanazavana manokana mikasika ny "recrutement". Tsy maintsy apetraka ny fandaminana rehetra. Tsara marihana, fa ny fandraisana mpiasa dia misy fandaminana hatramin'izay. Tsy azo atao amin'izao fotsiny, fa tsy maintsy anaovana "communication verbale" any amin'ny Governemanta. Raha ilaina dia miakatra amin'ny sehatra hafa koa, fa raha mikasika an'i Mananjary, nisy "recrutement" tokoa, fa ny maika dia ny avy amin'ny fanjakana izay ao anaty Tetikasa FIRP any amin'ny Minisitara.

Misy tetikasa tokoa izy ireo araka ny voalazako teo. Isaorana ny Filohampirenena satria ankehitriny, nametraka ho laharam-pahamehana momba ny fandraisana mpiasa raikitra ho an'ny Minisitran'ny Fahasalmana izy. Tsy mbola nisy ny Filohampirenena nilaza izany teto Madagasikara. Ezahantsika alamina izay sy ny any amin'ny Faritra. Ny Faritra tena lavitra no hataontsika mialoha; hitatra tsikelikely avy eo. Hisy fandaminana hatao; marina ny teninao, fa handray fitenenana amin'ny fahitalavitra ny tenako na hanazava bebe kokoa amin'ny "radio"; na ireo teknisiana aza mbola hanazava misimisy kokoa. Natao izany mba hijerena hoe firy no ilaina, iza no ho any rehefa tena manao "recrutement" isika. Mbola tsy nisy zavatra tsy nangaraharaha natao izany, fa ataontsika mazava avokoa ny zavatra rehetra ataontsika amin'izany.

Ankoatran'izay, fifanatonana sy fifampiresahana amin'ny zavatra no atao ary hovaliana antaratasy ny ankabeazan'ny zavatra notenenina teo mba tsy hanahirana.

Nisy nilaza fa tsy ampy ny "dentiste" eto Madagasikara. Ny zavatra tsapa rehefa manao "appel à candidature" izahay, vitsy ny dokotera mpitsabo nify. Ny ankamaroany, lasa any amin'ny orinasa tsy miankina avokoa na manao ho azy manokana na mankany amin'ny "clinique". Hojerena ny fomba hatao mba hampiakarana ny isan'ny "dentiste" eto aminitsika satria tena ilaina izy ireo ankehitriny.

Ny dokotera koa, efa manano sarotra ny fahitana azy. Entanina isika rehetra mba samy handamina satria ny fanjakana koa efa mandamina ny tranon'ny dokotera mba ahafahany mipetraka any amin'ny toerana izay iasany.

Tokony hisy trano ihany koa ho an'ny "garde" amin'ireo fotodrafitrasa ataontsika ireo satria na amin'ny 1 ora maraina aza, mbola misy marary tonga amin'ireny toerana ireny.

Voaray ny fangatahantsika ary hovaliana izy ireny. Manomboka manano sarotra koa ny fahitana "Chirurgien" amin'izao fotoana izao. Izany rehetra izany dia tsy maintsy anaovana paikady. Soa ihany fa misy izao fitondram-panjakana izao ary amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka no hanolorana ny paikady. Tsy ny Minisitera ihany no hanao izany, fa iarahana amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Minisiteran'ny Fikarohana ara-Tsiansa. Mila jerena koa ny fomba fiasa ahafahana manampy ny "Chirurgien". Heno izay rehetra izay, fa hamolavola paikady izahay.

Ankoatran'izay, momba ny vaksiny.

Araka ny noresahan'ny Filohampirenena farany teo, tohizana hatrany ny fanaovana vaksiny ary efa miparitaka manerana an'i Madagasikara izany. Hisy fandaminana manokana hatao. Tiana ny mizara amintsika, fa ny fiomanana amin'ny mety hanokafana ny fizahan-tany, toy ny any Nosy Be, Sainte-Marie dia takiana ny fanaovana vaksiny na ho an'ny mpisehatra amin'izany na ny mpitsidika koa.

Momba ny fanaraha-maso ireo olona vita vaksiny; nisy fanentanana manokana nataonay tany Sainte-Marie sy Nosy Be. Mandamina ny zavatra rehetra tahaka izany no ataon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Tsara marihana fa nahatratra 120 no vaksiny nampiasaintsika; mbola tamin'ireo toerana misy mpizahan-tany roa ireo aloha no jerentsika mba ahafahana manara-maso azy. Ankoatra ny noresahana taloha dia ny mpiasan'ny fahasalamana rehetra sy ny mpitandrofilaminana, ny zoky olona, ny marefo rehetra no hatao mialoha.

Milaza aminareo rehetra aho, fa tsara ny manao vaksiny. Tsy an-tery ny vaksiny ho an'ny olona 45 taona noho miakatra. Raha jerena ny antontanisa, ireo olona 45 taona noho miakatra no niharan'ny fahafatesana betsaka indrindra. Hatramin'ny 84% eo ho eo izany ary 14% kosa ho an'ny 45 taona noho midina. Mazava ho azy, ataontsika amin'izay salan-taona izay ny fanaovana vaksiny.

Marihana fa ho tonga ny andiany faharoa amin'ny vaksiny, efa omanina ihany koa izany. Hisy koa taratasy hatao amin'ny "initiative Covax".

Izay no azo ambara mikasika ny vaksiny iadiana amin'ny "Covid" sy ny valim-panontaniana sasantsasany satria ho valiana an-taratasy izay tsy voavaly eto. Hifampiantso sy hifampiresaka isika satria izay no maha Solombavambahoaka anareo sy maha Mpanatanteraka anay, mila mifampiresaka isika.

Farany, ny fomba fiasan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka. Ny zavatra mikasika ny Distrika rehetra dia iarahan'ny Minisitra sy ny Solombavambahoaka, ny DRS na ny "Direction Régionale de la Santé" ary ireo "Médecins Inspecteurs" manao avokoa. Efa nahavita Faritra roa na telo teo isika; efa vita koa ny toerana lavitra, toy ny any Soalala. Tsy hifamitaka isika, fa hapetraka tsara hoe inona no filana any ifotony ary ao anatin'izay, jerena hoe inona no laharam-pahamehana. Amin'izay ihany, jerena hoe inona no maika ao anatin'ny maika.

Inona koa no azo tanterahina sy misy fiantraikany mivantana any amin'ny vahoaka ary hampandroso an'ity Madagasikara ity. Heverina fa efa ela no nitadiavana izany ary akehitriny, efa tanteraka sahady.

Hotanterahana na akana fotoana betsaka aza izany rehetra izany. Mino aho fa ho vitantsika izay zavatra izay.

Araraotina ihany, fa mbola misy fotoana kely azo ifampiresahana; mikasika ny aretina eto Madagasikara.

Anisan'ny aretina tena idirana koa ny tazomoka ato ho ato rehefa milamina ny "Covid". Izany no ampirisihana antsika rehetra, hitazona ny fepetra rehefa milamina ny "Covid" amin'izay afaka miatrika zavatra hafa. Izany hoe, na ny mpiara-miombon'antoka na ny Ministera na ny eny ifotony dia ho voakasika avokoa. Efa nanomboka tao Ambohidratrimo izahay satria eny no malaza amin'izao fotoana izao. Efa hita izay ka homena ny vahaolana mikasika azy.

Ho fantatra tsy ho ela koa any amin'ny Faritra Vakinankaratra; efa hita koa ny hitsaboana ny tazomoka. Tsy hadino ny Faritra Atsimo Atsinanana sy iny mianatsimo iny. Eo anatrehan'izany, tsapa fa nidina 2% ny tahan'ny fahafatesana tao anatin'ny fotoana fohy. Tsy azo ekena ny fisian'ny fahafatesana, ka nidina ifotony mihitsy mamaha ny olana rehetra izahay. Ny olana goavana dia ny fahaverezan'ny fanafody. Tsy milaza aho hoe iza daholo ny olona voakasik'izany, fa harahina maso izy ireo. Horaisina ny fepetra mba hipaka any amin'ny vahoaka ny ezaka atao ho azy ireo. Mampanantena anareo izahay, fa hanao ny ezaka amin'ny ady atao amin'ny tazomoka.

Momba ny aretina pesta. Misaotra ny mpiasa rehetra ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny ezaka nataony. Amin'izao fotoana izao, mbola misy ny pesta saingy antsasany izany raha miohatra tamin'ny taon-dasa satria noraisina ny fepetra niadiana taminy. Tahaka izay koa ny aretina hafa, toy ny raboka, ny "VIH-Sida".

Ny "VIH-Sida" dia 0,3% no tahany amin'izao fotoana izao. Tsy maintsy miady isika ary tsy hadinonay ato amin'ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka izany zavatra izany.

Tahak'izany ihany koa ny aretina hafa, toy ny ongobe, ny takilodrano, kankan-tsinay. Iadiana mafy ny lefan-kozatra satria mitady hiverina izany ankehitriny. Aoka isika tsy ho variana amin'ny ady atao mba tsy iverenan'izany satria mbola misy Distrika miisa 15 eo no efa ahitana fa misy an'izany aretina izany. Noho izany, atao ny ady amin'ireo aretina ireo. Amin'ny faran'ny herinandro, raha tsy diso aho, efa hanomboka izay ady atao izay.

Ankoatran'izay, ny zava-miseho amin'iny Faritra Vatovavy Fitovinany iny; mandray anjara ihany koa ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka. Mikasika ny aretin'omby na ny "fièvre de la vallée du rift"; mandray an-tànana izany miaraka amin'ny MAEP izahay ankoatry ny tolotra samihafa entina manatona ny vahoaka.

Izay no tiana entina ankoatra ny famaliana ny fanontaniana hafa teo.

Mankasitraka sy mankatelina, Ramatoa Filoha, izay nitarika ny fivoriana teto androany.

Mankasitraka sy mankatelina ny Minisitry manatrika etoana, tahaka izay koa ianareo Solombavambahoaka.

Hiara-hiasa isika mba ho fampandrosoana an'i Madagasikarantsika ity.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy.

Fisaorana no nataon-dRamatoa Filoha, tamin'ny valin-teny nomen'Andriamatoa Minisitry ary nambarany, fa omena fitenenana ny Minisitry ny Mponina, ny Fiahiana ny Mpiara-belona ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon-dRamatoa MICHELLE Bavy Angelica, Minisitry ny Mponina, ny Fiahiana ny Mpiara-belona ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy.

Mankasitraka, Ramatoa Filoha.

Ianareo Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Ianareo Solombavambahoaka namana.

Ny voalohan-teny dia fankasitrahana eram-po, eran-tsaina tamin'ny fanamarihana nentintsika ho an'ny Minisitera iandraiketany.

Voaray avokoa ny fanamarihana.

Ny antom-pisianay dia hanatanteraka ny veliranon'ny Filohampirenena. Velirano faha-5 mikasika ny zokiolona, velirano faha-8 mikasika ny vehivavy, velirano faha-8.4 mikasika ny sosialim-bahoaka ary ny velirano faha-8.2, mikasika ny ankizy.

Marina tokoa fa adidy sy andraikitra lehibe ho anay ny manaraka ny tenin'ny Filohampirenena manao hoe: tsy hisy Distrika hadino intsony. Izany indrindra no ijoroanay ary ny hetahetantsika rehetra, ny fitsidihana, ny fijerena ireo mponina dia ezaka lehibe hatao izany. Efa nanao ihany izahay tamin'ny taona 2020 ary tsy hitsahatra, tsy hiraviravy tana hanoany ny ezaka hatratrarana ny tanjona. Koa manome toky anareo ny Minisiteran'ny Mponina fa araka ny voalaza, efa zatra "terrain" izahay. Ho avy hitsidika antsika, ho avy hijery ny mponina any amintsika isaky ny Distrika any.

Maromaro ny fanamarihana azo, toy ny an'ny Solombavambahoakan'i Sakaraha, Mananjary, Ankazoabo, Ambatolampy, Antsalova ary tao koa ny Solombavambahoaka nanome torimarika. Voaray ary hanao izay tokony ho vita izahay, saingy hojerena ny LFR, fa vonona hanatanteraka ny hetahetan'ny mponina sy izay mbola ho tanterahina ho an'ny vahoaka izahay ato amin'ny Minisiteran'ny Mponina.

Tsy ho lava resaka aho, fa maneho fankasitrahana amin'ny fanamarihana nentina mikasika ny Minisiteran'ny Mponina.

Mankasitraka Ramatoa Filoha.

Mankasitraka anareo Birao Maharitra.

Isaorana ianareo Solombavambahoaka namana.

Mirary soa ho antsika rehetra.

Fisaorana no nataon-dRamatoa Filoha, an-dRamatoa Minisitry, tamin'ny valin-teny nentiny ary taorian'izay, nomeny fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

Toy izao ny teny nataon'Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Mickael, Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, raha nandray fitenenana.

Misaotra Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena.

Ezahana hatao faran'izay haingana mba ho afapo daholo ny Solombavambahoaka nandray fitenenana teo.

Nandritra ny 10 taona no nijanonana tao amin'ny Antenimierampirenena; mampangaihay ihany ny fametrahana fanontaniana sy fanamarihana. Ezahana ihany koa, amin'ny maha Minisitry ny tena amin'izao fotoana mba hisian'ny tena fiovàna marina. Homena fahafahapo sy valin-teny mazava ny Solombavambahoaka nangataka sy nametraka fanamarihana rehetra.

Averiko kely ny fampahafantarana tamin'ny voalohany, fa ny Filohampirenena Andry Nirina RAJOELINA no nofidian'ireo Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena manerana an'i Afrika ho Filoha rehefa nisafidy ny "plan d'action du Kazan" isika. Inona no atao hoe "plan d'action de Kazan". Famaritana ny politikan'ny fanatanjahantena sy ny "éducation physique" atỳ Afrika izy io. Izany hoe, isika no haneho amin'ny firenena rehetra an'izay politika. Isika no "ligue"-n'ny firenena atỳ Afrika.

Amin'izany fipetrahan'ny Filohampirenena ho tompon-dakan'i Afrika amin'ny "éducation physique de qualité" izany dia tsy maintsy isika no «vitrine» atỳ Afrika amin'ny fanatanjahantena sy fananganana ny fotodrafitrasa rehetra.

Mazava ny lalan-tsaina hitondrana ny asa hatao rehetra. Distrika miisa 31 no hahavitana kianja manara-penitra manomboka amin'ity taona ity. Distrika miisa 8 no nomen'ny Filohampirenena tany any Atsimo mba hanorenana kianja manara-penitra. Izany hoe, raha atambatra, Distrika miisa 70 no hotratrarintsika ho vita ao anatin'ny 2 taona. Izany hoe, Distrika 12 amin'ireo 119 Distrika. Raha io "rythme" io, ho rakotra kianja manara-penitra daholo ny Distrika manerana an'i Madagasikara. Izay no tanjona ary izay koa no fampanantenana napetraky ny Filohampirenena hoe: tsy hisy Distrika na iray hadino amin'ny resaka fampandrosoana. Anjaranay Minisitry no manatanteraka sy mametraka ny vina nomen'ny Filoha Andry Nirina RAJOELINA ho an'ny vahoaka Malagasy.

Horisiko faran'izay haingana mba tsy hisy latsaka ny fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Voalohany, ho an'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fanatanjahantena: voaray ny fanamarihana ho an'ny ekipan'ny "Boxe" sy "Savate". Efa noraisiko izy ireo ary mbola eo ampikarakarana ny "visa" isika izao. Ny Tapakila efa novidin'ny Minisitry daholo. Efa niantohan'ny Minisitry ny fiatrehana sy fandania hatao any an-toerana.

Momba ny "statut"-n'ny mpilalao, izay angamba no tiana noresahana teo. Efa ao anaty fandaharan'asan'ny Filohampirenena ny hametrahana "académie des sports haut niveau", ka ao anatin'izay no hametrahana izay "statut" izay, mba hanana ny ho aviny ny mpihazakazaka malagasy rehetra ary mba tsy ho lasa vesatra koa izy ireo. Mifanohitra amin'izay no tanjona, rehefa "Athlète haut niveau" ianao dia manana "gloire internationale", manana fidiram-bola maneran-tany. Hitantsika amin'ireny "joueur de foot" any "Côte d'Ivoire" ireny; miverina mi-"investir" any amin'ny fireneny izy ireo, hany ka lasa fanoitra ho amin'ny fampandrosoana ireo olona ireo.

Ho an'Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice, Solombavambahoaka voafidy tao Antsalova. Tsy hadino ny Faritra Melaky, efa misy fanamboarana ary efa ho tafiditra amin'ity taona ity ny anareo.

Hovakiako faran'izay haingana ny Distrika rehetra misitraka izany kianja manara-penitra izany amin'ity taona ity.

Ho an'ny Faritra Amoron'i Mania, Ambatofinandrahana, Fandriana. Faritra Atsimo Atsinanana: Farafangana, Vangaindrano. Faritra Haute-Matsiatra, Ambohimahasoa. Faritra Vatovavy Fitovinany: Ifanadiana. Faritra Analanjirofo: Mananara Avaratra, Maroantsetra, Saint- Marie, Soanierano-Ivongo. Faritra Boeny: Marovoay. Faritra Melaky: Maintirano, Mampikony. Faritra DIANA: Ambanja, Vohemar, Antalaha. Faritra Analamanga: Anjozorobe, Antanikatsaka-Itaosy. Faritra Itasy: Arivonimamo, Miarinarivo. Faritra Vakinankaratra: Antanifotsy.

Faritra Atsimo Andrefana: Ampanihy Andrefana, Betroka, Amboasary Atsimo.

Ireo no ho tafiditra amin'ity taona ity. Tsy misy Distrika iray hadino na tsy amin'ity taona ity aza, fa hatomboka amin'ity taona ity ny lisitra manaraka. Tahaka ny anolorana azy androany no hanolorana azy amin'ny lisitra 30 manaraka amin'ny taona ho avy io.

Ho an'ny Distrikan'i Soalala, ny Filohampirenena dia efa nanao fampanantenana. Ny fampanantenana nomeny dia midika ho baiko raha ho anay Minisitry. Hotanterahana izany, Andriamatoa Solombavambahoaka. Hampidirina izany satria izay no toromarika avy amin'ny Filohampirenena.

Mbola tsy tafiditra amin'ity taona ity ny Distrikan'Andramasina, fa ny Distrikan'i Marovoay kosa efa ao anatin'ny amin'ity taona ity. Ny Distrikan'i Fenoarivobe mbola tsy tafiditra amin'ity taona ity, fa hataontsika "prioritaire". Ireo izay tsy tafiditra amin'ity taona ity, kanefa mandray anjara mivantana amin'izao fivoriana izao dia omem-boninahitra manokana. Izay no asantsika Solombavambahoaka, satria ny tenako efa tao amin'ny Antenimierampirenena. Koa izay hita sehatra tahak'izao no hataonay maika, Andriamatoa Solombavambahoaka, raha ny fangatahana no jerena.

Ho an'ny Distrikan'i Mananjary, efa mandeha ny asa. Ny Kaominina Antsenavolo, Mahavoky, Vohilava, Ambatolambo no mbola tsy tafiditra satria mbola hojerena ny momba azy. Ezahina hovitaina aloha ny Distrika vao miditra any amin'ny Kaominina.

Ny ao Sonierano-Ivongo sy Ambatolampy, rehefa atao ny "selection de dossier" dia zavatra tsara no asehon'ireny orinasa ireny amin'ny fanatanterahana ny asany. Ny Filohampirenena, tao anatin'ny "Plan Marshall" dia nametraka, fa tokony homena sehatra ny mpandraharaha Malagasy. Ny zava-misy dia omena sehatra ny mpandraharaha Malagasy kanefa tsy ilaozan'izay tsy mahavita foana ny "entreprise" sasantsasany nahazo ny asa. Nanapakevitra isika, fa rehefa tsy mahavita izy ireo dia soloana hafa satria mbola misy dingana maromaro hatao.

Mikasika ny "Covid", tsy fialan-tsiny ny resaka mikasika izany aminay, fa ny vaindohan-draharaha dia ny asa. Maninona ny sasany mandeha, maninona ny azy no tsy mandeha, izany no midika fa "défaillant" ny tenany, ka soloana izay mahavita rehefa tsy hanao asa izy ireo.

Ho an'ny Distrikan'Ambatolampy, mikasika ny mpianatra ANS miisa 20: ananako ny antontan-taratasy mikasika izany. Efa nifampiresaka izahay sy ny MEN, fa horaisiny ary hahazo "poste budgétaire" ireo olona ireo. Izany hoe, manao "contrat" rehefa miditra ao ary manaiky ny fandaminana rehetra, manaiky ny «redéploiement» any amin'ny Faritra, fa tsy hijanona eto an-toerana rehefa mahazo "affectation". Izany mihitsy no Politika Ankapoben'ny Fitondram-panjakana. Izay ihany koa no lalan-tsaina itondran'ny Filohampirenena ny fiainam-pirenena amin'izao fotoana izao. Tsy misy hadino intsony ny vahoaka Malagasy rehetra, fa hitovy tantana.

Ho an'ny tanora, tiana tsindriana eto, fa miezaka isika Antenimierampirenena hampiditra tanora amin'ny sehatry ny fandraharahana. Izany no mahatonga anay amin'ny sehatry ny tanora; isaorana ny Filohampirenena, fa efa manomboka mijery izay hampanana asa ny tanora, mba hahatonga azy ireo ho fanohitry ny fampandrosoana.

Anisan'ny iantsorohan'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena manerana ny Faritra 22 ny hamolavolana azy ireo mba ho olom-banona. Anatin'izany ny fanaovana ny "Maison des Jeunes" isaky ny Faritra ary mba hahafahana ihany koa miara-miasa amin'ny Minisitera hafa. Raisina ohatra amin'izany, ny MICA izay efa nanolo-tena tany amin'ny "Pôle sud", fa hitondra ny traikefany hoentina hanampiana ny tanora tsy an'asa. Maro ny tetikasa ato amin'ny MJS izay miandry fankatoavana fotsiny ary tokony hisitraka izany paikady manokana izany koa ho fandraharahana sy hanamorana ny asa omena ny tanora sy ny fanofanana ary fampitaovana ho amin'ny fananganana orinasa kely izay tantanan'ny tanora eny ifotony. Hanampiana azy ireo koa amin'ny fahazoana vokatry ho an'ny Faritra 22 mikasika ny "Pôle emploi" izay anisan'ny mampijaly. Heverina fa hitondra tsirim-pahazavana ho an'ny tanora Malagasy rehetra izany.

Ramatoa Filoha, isika Solombavambahoaka namana hajaina rehetra, izay no tatitra avy tamin'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

Mampanantena izahay, fa tsy hanala baraka antsika ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena. Izay tsy nataon'ny olona tao anatin'ny 15 taona dia hovitaina satria manana Filohampirenena tanora isika, ka hataontsika ao anatin'ny 5 taona izany. Ny Distrika rehetra tsy maintsy mahazo kianja manara-penitra avokoa. Fanamby apetrakay izany. Tsy maintsy jerenay ny sasany amin'ireny satria lafolofo ihany ny tetibola mikasika ny "gymnase". Isika tsy nahazo vola avy tamin'ny "investisseur" na "partenaire", fa volan'ny fanjakana Malagasy madiodio no nanaovana ny Kianjan'ny BAREA na ny fotodrafitrasa rehetra izay efa nanomboka manerana ny Distrika. Volan'ny fanjakana Malagasy madiodio ireny noho ny fahaiza-mitantana ataon'ny Filohampirentsika sy ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta.

Mampanantena antsika rehetra ny tenako, fa tsy ho latsa-danja ny tanora sy fanatanjahantena satria manana Filoha mahay mitantana isika.

Nankasitraka an'Andriamatoa Minisitry, Ramatoa Filoha, tamin'ny valin-teny nataony; taorian'izay ary nisaotra ny Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta, tamin'ny famaliana ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, naneho fisaorana ny Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta, Ramatoa Filoha ary nirary soa ho azy ireo hahatontosana antsakany sy andavany ny adidy apetraka amin'izy ireo.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, ny tenany, koa rahampitso Talata 15 Jona 2021, amin'ny 10 ora, maraina, hitohy ny fivoriambe hihainoana ny tatitra hataon'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta mikasika ny fanatanterahany ny fandaharan'asany nandritry ny taona 2020. Izany dia hotanterahan'ny Minisitry ny Raharaham-bahiny; ny Minisitry ny Asa sy ny Fampananan'asa, ny Asampananjakana ary ny laläna Sosialy.

Nanentana ny Solombavambahoaka hatrany, Ramatoa Filoha, mba havitrika amin'ny fanatrehana ny fivoriambe izay hatao amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra na "visio conférence" izany.

Niato tamin'ny 6 ora sy 35 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona